



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha · Tanindrazana · Fandrosoana

**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION  
-----

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES  
-----

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-134

**TATITRA MIKASIKA NY FANDAHARANASA VITAN'NY GOVERNEMANTA,  
TAONA 2020, NATAON'IRETO MINISTRA IRETO:  
MINISTRY NY FANABEZAM-PIRENENA  
MINISTRY NY FIAROVAM-PIRENENA  
MINISTRY NY FAMPANARANA TEKNIKA SY NY FANOFANANA ARAK'ASA**

Fivoriana Faha-14  
Natao ny  
Talata 8 Jona 2021  
- Tolak'andro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

**FOTOANA:** Talata 8 Jona 2021, tamin'ny 3 ora sy 5 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Tatitra mikasika ny fandaharanasa vitan'ny Governemanta, taona 2020, nataon'ny:

- Minisitry ny Fanabeazam-pirenena
- Minisitry ny Fiarovam-pirenena
- Minisitry ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana Arak'asa

Nitohy ny Talata 8 Jona 2021, tamin'ny 3 ora sy 5 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha, nanambara, fa ny fanamarihana ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka manatrika ny fivoriana dia homen'ny Tale misahana ny Informatika amin'ny fotoana mahamety azy.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Andriamatoa Filoha, izay fivoriambe miompana amin'ny tatitry ny asa vitan'ny Governemanta momba ny fandaharanasany, tamin'ny taona 2020.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta hanatanteraka izany:

- Ramatoa SAHONDRARIMALALA Marie Michelle; Minisitry ny Fanabeazam-pirenena
- Andriamatoa ROKOTONIRINA Léon Jean Richard, Minisitry ny Fiarovam-pirenena
- Andriamatoa TSIKEL'IANKINA Ernest, Minisitry ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana Arak'asa

Rehefa izany, nanamarika Andriamatoa Filoha, fa ho fampiharana ny andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-166, andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no anton'izao fihaonana izao.

Nampatsiahiviny ihany koa ny mandeha mivantana amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra izao fivoriana izao.

Taorian'izay, nomeny ny Mpitantsoratra ny fitenenana mba hilazany ny fizotry ny fivoriana.

Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe no nanatontsoa izany, ka toy izao izany: Voalohany, famelabelarana ny tatitra ataon'ny Minisitry tsirairay. Manana 30 minitra avy izy ireo hanolorany ny tatitry ny asa vitany nandritry ny taona 2020.

Faharoa, fanamarihana avy amin'ny Vaomiera Maharitra. Rehefa vita izay, omena 5 minitra avy ireo Filoha na ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fanabeazam-pirenena, ny Vaomieran'ny Fiarovam-pirenena ary ny Vaomieran'ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana Arak'asa, hanao fanamarihana mikasika ny tatitra nataon'ny Minisitry nanao tatitra. Fahatelo, fanamarihana avy amin'ny Vondrona Parlemantera, ka toy izao no fandraisam-pitenenan'ireo Solombavambahoaka isaky ny Vondrona Parlemantera misy azy avy. Mandray fitenenana voalohany, ny Vondrona Parlemantera TIM, omena 15 minitra; faharoa ny Vondrona Parlemantera GPR, omena 15 minitra, ny Vondrona Parlemantera IRD, manana 20 minitra; farany ny solotenan'ireo Solombavambahoaka tsy miankina na tsy voasoratra, manana 10 minitra. Ao anatin'ireo fotoana ireo no anaovan'izy ireo miaraka ny fanamarihana ny tatitra nataon'ny Minisitry tsirairay avy. Ny valiny avy amin'ny Governemanta, rehefa vita ny fandraisam-pitenenan'ny Vondrona Parlemantera, manana 25 minitra tsirairay avy indray ny Minisitry avy eo.

Taorian'izay, nomena ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena ny fitenenana hanolorany ny tatitra ny vitany, taona 2020.

Toy izao ny tatitra nataon-dRamatoa SAHONDRARIMALALA Marie Michelle, Minisitry ny Fanabeazam-pirenena

Manao tatitra mikasika ny fanatanterahana ny fanadaharan'asan'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, taona 2020 sy ny amin'ity taona ity no antony andraisana fitenenana.

Fantatsika fa fanabeazana dia ain'ny firenena ary laharam-pahameana koa ao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana, tarihan'ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry RAJOELINA sy eo ambany fitantanan'ny Praiminisitry, Andriamatoa NTSAY Christian.

Ilaina ny fanabeazana satria manomana ny ho avin'ny zanaka Malagasy. Isaorana ny Filohan'ny Repoblika nametra ny velirano fahaefatra sy nanao ho laharam-pahamehana ny fanabeazana tsara kalitao ho an'ny zaza Malagasy rehetra.

Ny andraikity ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena dia manatanteraka ny politikan'ny fanabeazam-pirenena izay notsoahana tao amin'ny "Plan Emergence Madagascar" sy ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izay efa voafaritra hatramin'ny fiandohan'ny fiasan'ity Governemanta ity.

Mikasika ny fampandehanan-draharaha ao amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena: ezahana izay tena asa mipaka sy misy fiantraikany amin'izay tokony hisitraka izany, mba ahafahana mifanakalo hevitra amin'ny fanatsarana ny tontolon'ny fanabeazana.

Miaraka mahita isika, fa maro ny ezaka tokony hatao amin'ity fanabeazana ity satria latsaka an-katerena tanteraka izy.

Miara-miasa amin'ny tomponandraikitra isan'ambaratongany amin'ny sehatra samihafa na ny olom-boafidy na ny tomponandraikitra eny ifotony amin'ny fanatsarana ny tontolon'ny fanabeazana izahay. Iaraha-mahita fa ny fitondrana dia nizara "tablier", seza, latabatra ary ny "kit scolaire" izay niarahana taminareo Solombavambahoaka sy ny olom-boafidy isan-tsokajiny.

Ao anatin'ny fanovàna tanteraka ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena amin'izao fotoana izao. Izany hoe, manao fanarenana mihitsy ity tontolo ity.

Miompana amin'ny teboka telo ny politikan'ny fanabeazam-pirenena; misy ny atao hoe "accès", "qualité" ary ny "gouvernance".

"Accès" satria mbola maro ny ankizy tsy tafiditra an-tsekoly kanefa ny vinan'ny Filohan'ny Repoblika dia ny hampiakatra ny isan'ny zaza miditra an-tsekoly sy hampijanona azy ireo hatramin'ny lavitra indrindra. Izany hoe, hampitombo ny "taux d'achèvement" sy ny "taux de scolarisation".

Hanatsara ny kalitaon'ny fanabeazana amin'ny fanomezana torohevitra sy fampiofanana ary fanatsarana ny fitantanana ny mahaolona ao anatin'ny Minisitera, indrindra ny fanatsarana ny fitantanana ny Minisitera na ny "gouvernance".

Teboka voalohany, ny "accès".

Miditra amin'ny atao hoe "accès", ahoana no fomba hanatanterahana ny fampiakarana ny tahan'ny ankizy hiditra any an-tsekoly. Maro ny ezaka nataon'ny fitondram-panjakana, toy ny fanorenana ny fotodrafitrasa.

Hita hatreto, fa eo amin'ny 281 ny sekoly manara-penitra naorina eran'i Madagasikara. Tsy nisy latsa-danja ny Distrika na iray aza, tamin'ny fanaovana izany.

Amin'ity taona ity, eritreretina ao amin'ny LFI 2021, fa hanorina sekoly manara-penitra miisa 184 manerana ny Distrika izahay. Ny vita hatreto aloha dia 344 ireo "espaces d'éveil" napetraka; miisa 66 ny "écoles communautaires" niarahana tamin'ny tetikasa PAEB; miisa 134 no eo am-pamitana ary amin'ity taona ity dia ezahana ny hametraka ny "construction communautaire" any amin'ireo toerana lavitra indrindra. Any amin'ny atao hoe "zone 3" sy "zone 2". Nizara "kit de construction" hatrany amin'ny 389 ny Minisitera. Ny "tables-bancs" nozaraina tamin'ny taona 2020 dia nahatratra 18 399. Amin'ity taona ity, hiezaka hizara "tables-bancs" eo amin'ny 60 888 ny Minisitera. Teo ny fametrahana ny "points d'eau" satria fampianarana ny ankizy hadio koa ny fanabeazana.

Amin'ity taona ity, hametraka CISCO vaovao manara-penitra satria maro ny fotodrafitrasa, ny "bâtiment administratif" efa mila hirodana ka atahorana sao handratra ny mpiasa ao anatin'ny.

Mikasika ny "subvention caisse école".

Anisany nanao ezaka lehibe ny fitondram-panjakana amin'ny fanampiana ny mpampianatra sy ny mpisehatra amin'ny tontolon'ny fanabeazana, indrindra tamin'ny fiatrehana ny «Covid-19». Hitantsika ny fanomezana ny Tosika Fameno. Teo amin'ny 56 250 ny mpampianatra ENF homena Tosika Fameno ary efa misy manomboka misitraka an'izany tsikelikely.

Misy koa ny fanampiana faharoa iarahana amin'ny mpiara-miombon'antoka, fanomezana vola 300 000 Ariary isaky ny ENF "non subventionné", atao hoe "aide spéciale", ka mpampianatra miisa 53 483 no misitraka an'izany.

Marihana fa mpampianatra "préscolaire" ka hatrany amin'ny «lycée» no misitraka ny Tosika Fameno ary mpampianatra "préscolaire" ka hatrany amin'ny "collège" no misitraka ny "aide spéciale", iarahana amin'ny mpiara-miombon'antoka.

Anisan'ny dingana lehibe nataon'ny fitondram-panjakana koa ny fandefasana "caisse école" izay nanomboka tamin'ny taona lasa. Ohatra, ny nandefasana azy tany amin'ny "association Fitia" mba ahafahan'ny sekoly mampihodina ny fampandehanan-draharaha eo anivon'ny sekoly EPP, ny "collège" ary "lycée".

Araka ny hitantsika, 18 Miliara Ariary ny "caisse école" tamin'ny taona 2020. Isaorana ny fitondram-panjakana tamin'ny fijerena manokana ny sekoly satria hiakatra ho 44 Miliara Ariary ny "caisse école" amin'ity taona 2021 ity.

Marihana koa fa nisy ny "subvention" ho an'ny "enseignement privé" napetraka ao anaty tetibola amin'ity taona ity. Ny fanomezana fanampiana, ny famatsiana ho an'ireo sekoly tsy miankina, ho an'ireo mpampianatra amin'ny sehatra tsy miankina amin'ny "direction régionale", amin'ireo ONG sy "Association"; hitantsika fa teo amin'ny 2 000 000 Ariary mahery teo ny vola natokan'ny fanjakana homena azy ireo.

Tsara ho marihana fa ny tontolon'ny fampianarana sy ny fanabeazana tsy miankina dia nampian'ny fanjakana amin'izay mba tsy ho latsa-danja ny sekoly tsy miankina. Tafiditra ao anaty politikan'ny fanabeazam-pirenena sy ny fanatsarana izany sehatra izany ireo mpisehatra amin'ny sekoly tsy miankina.

Mbola tafiditra amin'ny resaka "accès" koa ny hitazonana ny ankizy any an-tsekoly mba hampazoto azy, hampiakatra ny kalitaon'ny fampianarana ary hanamaivanana ny vesatry ny Ray aman-dReny. Noho izany, nanampy koa ny fitondrana tamin'ny fanomezana "kits scolaires" mikasika ny aron'akanjo sy kapa.

Hitantsika fa tamin'ny taona 2020 dia 810 049 ny kitapo sy ny "kits scolaires" nozaraina. Amin'ity taona ity, mbola hisy fizarana izany manerana an'i Madagasikara.

Mikasika ny fizarana ny aron'akanjo, maro tokoa no nozaraina tamin'ny taona lasa teo; nahatratra 1 600 000 ny aron'akanjo nozaraina tamin'ny zanatsika manerana ny Nosy. Tahak'izay koa no eritreretina hozaraina amin'ity taona ity ao anatin'ny LFI 2021.

Tsapa fa maro ny ankizy no tsy manao kiraro, ka nanome kiraro hatrany amin'ny 100 000 tany, tamin'ny taona lasa ary mbola hotohizana ny fizarana izany manerana ny Nosy. Isaorana manokana ny Solombavambahoaka efa nanolo-tena hitondra sy hanampy ny Minisitera hanatanteraka ny fizarana kiraro ho an'ny zanaka Malagasy amin'ity taona ity ary 100 000 koa no hozaraina amin'izany.

Mikasika ny "cantine scolaire".

Ao anatin'ny fiadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo isika, ka nampiakarina ny vola natokana ho an'ny "cantine scolaire" manomboka tamin'ity taona ity. Raha 2,7 Miliara Ariary izany tamin'ny taona lasa, nampiakarina ho 18 Miliara Ariary amin'ity taona ity. Izany hoe, nampiakatra ny isan'ny mpianatra hisitraka "cantine scolaire" izany ny fanjakana. Araka ny toromarika avy tamin'ny Filohan'ny Repoblika, natao izay fomba hialana amin'ny fanodikodinana ny sakafo natokana ho an'ny ankizy.

Mikasika ny "alphabétisation".

Mbola maro ny ankizy tsy tafiditra any an-tsekoly, tahak'izay koa ny tanora sy ny olon-dehibe tsy mahay mamaky teny, mikajy, manoratra; noho izany, misy tetikasa maro ato amin'ny Minisitera mba ho fanampiana azy ireo. Misy ny atao hoe, "cours de remise à niveau" sy ny "alphabétisation" omena azy ireo.

Mikasika ny kalitaon'ny fampianarana dia miompana amin'ny fampiofanana sy fanatsarana ny fampianarana miaraka amin'ireo mpampianatra manerana an'i Madagasikara sy ireo mpisehatra rehetra ao anatin'izany izahay. Ny tombony tamin'iny taona lasa iny dia ny fisian'ny "formation en éducation communautaire". Misy eo amin'ny 629 eo izany ary mpampianatra eo amin'ny 3 183, "conseillers pédagogiques" eo amin'ny 230 eo no nampiofanina tamin'ny taona lasa. Efa voaray ho mpiasam-panjakana avokoa izy ireo tamin'ity taona ity satria nanapakevitra izahay, fa mila arenina ny tontolon'ny fampianarana, indrindra mikasika ny mpampianatra, ka avy hatrany dia natao "arrêté" ny fandraisana azy ireo ho mpiasam-panjakana satria manana traikefa sy ny fahaizana amin'izany izy ireo.

Misy koa ny fampiofanana mitohy, niarahana tamin'ny "partenaire technique et financier" ary ho fanatsarana sy ho fanampiana ao anatin'izay fanabeazana sy fampianarana izay dia ny "direction de l'inspection"-n'ny "encadrement pédagogique" dia nidina tany ifotony nanao "inspection" na fitsirihana ka sekoly miisa 111 no nanaovana izany.

Amin'ity taona ity, mieritreritra ny handray mpiofana miisa eo amin'ny 4 000 eo izahay ary hampiofana maimaimpoana mpampianatra miisa 15 000 ENF na "Enseignant Non Fonctionnaire" manerana ny Nosy amin'ity taona ity, mba hampiakarana ny isan'ny mpampianatra manana traikefa amin'ny fanabeazana ary hanatanterahana ihany koa ny tenin'ny Filohan'ny Repoblika amin'ny fanaovana laharam-pahamehana ho fandraisana mpiasam-panjakana ny mpampianatra manana traikefa.

Fantatsika fa miatrika «Covid-19» ny zanatsika sy ny mpampianatra any an-tsekoly, maro noho izany, ny fandaharana natao tamin'ny «radio» sy fahitalavitra mba tsy hampisy ny fampidinana ny fahaizan'ny zaza, noho ny tsy fanatrehana fampianarana. Araka ny hitantsika, miisa 110 eo ny fandaharana natao tamin'ny taona 2020 iny. Nisy koa fandaharana "enregistré" miisa 352. Entina anamarihana izany, fa miezaka hatrany isika miady amin'ny «Covid-19», miezaka manova sy manatsara ny tontolon'ny fanabeazana sy ny fomba fampianarana na dia misy aza ny fiatrehana ny valan'aretina.

Napetraka sy nohamafisina ny fanatsarana ny tontolo iainana ary mitondra ny anjara-birikiny ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena amin'ny fiarovana ny tontolo iainana. Misy ny atao hoe "école verte" natomboka tamin'ny taona 2020 ary nisy koa ny "sensibilisation du covid". Maro ny sekoly nanatanterahana izany tamin'iny taona iny.

Anisan'ny vinan'ny Filohan'ny Repoblika koa ny hisitrahana sy hampiasan'ny zanaka Malagasy ny teknolojia vaovao ho an'ny mpianatra rehetra. Napetraka ny atao hoe "éducation numérique", ka miisa 100 eo ny "centres de formation régionaux" nohatsaraina sy novatsina fitaovana. Maro ny "tablettes" efa nozaraina tamin'ity taona ity, miisa 6 086 izany.

Mba ahafahana mampiofana mpampianatra maro manerana an'i Madagasikara dia natao ny "centre de formation pédagogique de proximité" isaky ny CISCO, napetraka ny ivon-toeram-pampiofanana ho an'ny mpampianatra mba ahafahana mandray azy ho mpiasam-panjakana. Marihana fa araka ny tenin'ny Filohan'ny Repoblika, ny vinan'ny Governemanta dia mametraka ho laharam-pahamehana ny "recrutement" eto anivon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena.

Mikasika ny “gouvernance”.

Ilaina ny fanadiovana ny fitantanana sy ny fametrahana amin’ny laoniny ny paikady ato amin’ny Minisitara satria iarahamahita ny fisian’ny “fictif” maro sy ny fanodikodinam-bola. Tena saro-pady amin’izany ny tsenam-baro-panjakana ato anatin’ny Minisitara. Baiko sy toromarika avy amin’ny Filohan’ny Repoblika sy avy amin’ny Praiminisitra ny fanarenana sy fanadiovana izany fitantanana izany. Manomboka amin’ny fanatsarana ny fampianarana sy ny fitantanana ny Minisitara amin’ny mahaolona na “ressources humaines” izany. Tamin’ity taona ity, 15 000 ny mpampianatra sy mpandraharaha noraisina tamin’ny andiany faha-6 sy faha-7. Raha ny andiany faha-6, miisa 200 mahery eo ny mpampianatra voasongona kanefa tafiditra tao anaty lisitra ampahibemaso saingy tsy tafiditra tao anaty lisi-panjakana. Rariny sy hitsiny ny fiadiany ny fahamarinana sy fanitsiana an’izay, ka hampidirina ao anatin’ny “poste budgétaire”, taona 2020-2021 izy ireo.

Maro ny sekoly sy toerana tsy ampy mpampianatra, ka anisan’ny paikady ny fandefasana azy ireo any amin’ny toerana lavitra na ny “zone 2” sy “zone 3”. Rehefa nandray ny “sortant”-n’y INFP izahay dia nanao “lettre d’engagement” izy ireo hoe hijanona any amin’ny toerana izay anendrena azy mandritra ny 5 taona mba tsy hitanila ny fanabeazana tsara kalitao ho an’ny zaza rehetra manerana an’i Madagasikara.

Anisan’ny fanatsarana ny fitantanana ato amin’ny Minisitara koa ny fanomezana fampiofanana amin’ny atao hoe “situation d’urgence”, na mikasika ny “Covid-19” izany na ny rivo-doza ka miisa 595 ny mpampianatra sy mpandraharaha nampiofanina.

Tao ny fizarana ny “kits de riposte contre covid” tamin’ny taona 2020-2021. Tany amin’ny 3 550 ny “salle de classe provisoire” izay naporitaka manerana ny Nosy ho fiatrehana ny rivo-doza. Tamin’ny fiadiana ny “Covid-19”, nisy “dispositif de lavage de main” naporitaka teny anivon’ny sekoly miisa 3 081, tao koa ny savony sy arovava-orona nozaraina tamin’ny mpampianatra sy mpianatra. Tamin’ny fiatrehana fanadinam-panjakana toy ny CEPE, BEPC ary BAC dia nizara arovava-orona ho an’ny mpiadina rehetra manerana ny Nosy ny Minisitara. Tao koa ny fizarana “gel désinfectant” ho fanadiovana tàmàna mba hahafahana miaro ny fahasalaman’ireo zaza.

Tamin’ny ankapobeany, ireo tetikasa ireo dia nezahana nofintinina sy nosafidiana mba hisy fiantraikany amin’ny ankizy sy mpampianatra amin’ny sehatra miankina na tsy miankina amin’ny fanjakana.

Amin’ny ankapobeany, inona no tanjona na lalan-tsain’ny Minisitara.

Ilaina mihitsy ny fanovàna sy fanarenana araka ny voalazan’ny Minisitry ny Toekarena teo. Izany hoe, manao “révolution” ny fitondram-panjakana ankehitriny. Tsy mora izany, maro ny ezaka tsy maintsy atao, ampiasaina ny enti-manana eo am-pelan-tàmàna mba hipaka amin’izay tokony hahazo tombotsoa ny ezaka atao. Anisan’ny fanovàna ny atao hoe “réforme pédagogique et curriculaire” izay efa nirosoana nandritra ny taona maro. Tsy maintsy irosoana izany satria ilaina ny fanovàna ny rafitry ny fibeazana sy fanabeazana. Ao koa ny “réforme de loi d’orientation” izay fototra iaingan’ireo fanovàna rehetra efa notanterahana tato amin’ny Minisitara. Ao anatin’izany ny “politique linguistique” hoe hatao firy taona ny “primaire”. Dingana voalohany amin’izany ny “politique enseignante”. Izany hoe, mila mametraka “profil” mazava ny “Chef d’établissement”, inona no andraikiny, inona ny asany. Olona ohatran’ny ahoana no tokony hapetraka amin’izany toerana izany.

Efa eo ampandrafetana ny volavolan-dalàna ifehezana ny fepetra sy ny fenitry ny Talen-tsekoly, ny olona hatao “Chef ZAP” sy “Chef CISCO” mba hampisy “gestion de carrière”-n’ny mpampianatra, ka hananan’izy ireo vina lavitr’ezaka afahany mijery hoe afaka mandray andraikitra izy any aoriana any. Miomana mialoha izy ireo ary hisy “formation modulaire” homena eny anivon’ny INFP amin’izay fotoana izay.

Hamafisina ato anatin’ny Minisitery ny mangarahara satria tsy misy tokony hafenina, ka apetraka ny lalan-tsaina momba tamberin’andraikitra ho an’ny olom-pirenena. Atao koa ny ady amin’ny kolikoly mba ho lasa modely ho an’ireo taranaka Malagasy ny mpiasa.

Napetraka ny “digitalisation” amin’ny fandefasana ny karaman’ny mpampianatra, teo koa ny “caisse école” amin’izay tonga ara-potoana ny volany sy ny famatsiana sahaza azy ireo.

Tetikasa sy vina hotanterahana ny fametrahana ny fotodrafitrasa manerana an’i Madagasikara. Ny paikady natao dia manatanteraka ny vinan’ny fanabeazana tsara kalitao, ny fametrahana ny lalan-tsaina “éducation et gestion de proximité”.

Eo koa ny fametrahana ho laharam-pahamehana any amin’ny Faritra Atsimo, iarahana amin’ny Filohan’ny Repoblika, ka Distrika miisa 7 no hanaovana izany. Ny antony, amin’izay mba hisy ny atao hoe “discrimination positive” amin’ny Faritra Androy sy Anosy, ka fametrahana fotodrafitrasa maro sy “cantine scolaire” no hatao amin’izany. Raha vina, tokony hisitraka “cantine scolaire” hatrany amin’ny “lycée” mba hitazonana ny zaza any antsekoly. Hampitomboina koa ny mpampianatra raisina ho mpiasam-panjakana amin’ireo Faritra ireo.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Minisitry, tamin’ny tatitra nataony, Andriamatoa Filoha dia nomeny fitenenana avy hatrany, Andriamatoa Minisitry ny Fiarovam-pirenena hanolorany ny tatitra sy ny fanatanterahany ny fandaharanasany.

Toy izao ny tatitra nataon’Andriamatoa RAKOTONIRINA Jean Léon Richard, Minisitry ny Fiarovam-pirenena.

Fantatsika ny fepetra napetraky ny Filohampirenena, koa raha ny vina voalohany dia ny fametrahana ny sehatry ny fandriam-pahalemana, famerenana amin’ny laoniny ny fandriam-pahalemana mba hiverenan’ny fahatokisan’ny vahaoaka Malagasy amin’ny tany tan-dalàna.

Nametraka paikady ny Minisitery any amin’ny toerana voasokajy ho Faritra mena. Ankehintriny, noho ny ezaka ataon’ny vahoaka sy ny Foloalindahy mba hisian’ny fandriam-pahalemana dia azo lazaina fa miverina tsikelikeky ny fiainan’ny olona amin’ireny toerana ireny.

Tamin’ny taona 2020, nanao ezaka lehibe ny Minisiteran’ny Fiarovam-pirenena, teo ambany fitarihan’ny Filohampirenena izay Filoha faratampon’ny Foloalindahy sy Andriamatoa Praiminisitry, tamin’ny fanitsiana ny rafitry ny tafika Malagasy, mba hanatsarana ny fomba fiasa sy hisian’ny fandriam-pahalemana maharitra. Natao tamin’ny alalan’ny fametrahana drafitra maharitra nohavaozina na “dispositif permanent de sécurité” izany. Niainga tamin’ny ZRPS, izay novaina ho lasa «Zones de Défense et de Sécurité» miisa 10 manerana ny Nosy, nisolo ny «Régions Militaires» miisa 6 teo aloha.



Ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena koa dia nanatanteraka ny fanapariaham-pahefana na ny "décentralisation" amin'ny lafiny "défense territoriale", mba hanatsarana ny rafitry ny fiarovam-pirenena.

Ireo hita amin'ny sary ireo ny «Zone de Défense et de Sécurité» vaovao napetraka. Nampifanarahana tamin'ny geografian'ny toerana nametrahana azy, nampifanarahana tamin'ny «ressources naturelles» ary ny lafiny stratejika sy «opérationnelle» izany.

Tamin'ny taona 2018 no napetraka ny «Régions Militaires» miisa 6, ankehitriny araka ny volaza teo, lasa «Zone de Défense et de Sécurité» miisa 10 izy ireo. Efa voatendry tamin'ny Filankevitry ny Minisitry ny tomponandraikitra miisa 10 mitantana izany. Mety hanontany ianareo hoe inona no antony, satria midadasika loatra ny faritra. Ohatra, ny «Région Militaire» tany Toliara, sarotra ho an'ny "Commandant de Région" avy any Toliara no handeha ho any Betroka. Natao io fizarana io mba hahamora ny ady atao amin'ny asandahalo. Napetraka koa izy ireny mba hanakaiky vahoaka, mba hanampy sy hifanome tànana aminy hiatrehany ny fiainany andavan'andro; ohatra, amin'ny lafiny famokarana sy fahasalamana. Hita izany amin'ny kere manjo any Atsimo, amin'ny fisian'ny Dokotera manatona mponina.

Napetraka koa ny «Délégation Militaire Régionale» isaky ny Faritra. Natao izany mba hahatsotra ny fiarahan'ny tomponandraikitra amin'ny fitantanana ny lafin-tany, toy ny «Préfet de District», «Gouverneur» miaraka amin'ny tafika Malagasy. Izy ireo no maso sy sofin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena amin'ireny toerana ireny sy mba ahafahana manana ny «informations» rehetra. Manana ny vaovao rehetra tadiavina; na eo amin'ny lafiny sosialy izany na koa ny fiaraha-monina, ny fandriam-pahalemana, eo amin'ny mety fisian'ny loza voajanahary ary koa ny ara-pahasalamana. Izy ireo no ahafahana manao «anticipation» amin'ny toerana samihafa.

Momba ny fandriam-pahalemana. Nisy ny vokatra azo.

Tamin'ny taona 2020, fitaovam-piadiana miisa 1 373 no azo ary nopotehina izany. Isaorana anareo Solombavambahoaka, ialana tsiny raha hanonona ny anaran'ny Solombavambahoakan'Isandra izay nanao ny ainy tsy ho zavatra niaraka tamin'ny Foloalindahy tany an-toerana tamin'ny fahazoana ireo fitaovam-piadiana ireo. Fitaovam-piadiana miisa 83 726 no natao "contrôle" tamin'ny Distrika miisa 119. Fitaovam-piadiana 8 420 no tafiditra tao anatin'ny "2<sup>eme</sup> catégorie" ary miisa 74 906 kosa tao amin'ny "3<sup>eme</sup> catégorie".

Fantatra koa fa misy ny lalàna izay nohatsaraina mikasika ny fandraisana Miaramila na ny "recensement" izany. Tsy maintsy fantara hoe firy ny tanora Malagasy lahy sy vavy afaka manao fanompoam-pirenena amin'izay fantatra ihany koa hoe firy no isan'ny olona afaka mitazona fitaovam-piadiana sy afaka miaro tanindrazana. Miisa 226 524 ny olona nanao ny "recensement" ary miisa 115 148 ny vehivavy tamin'izany. Narisika ny tanora lahy sy vavy nanatanteraka iny "recensement" iny.

Tamin'ny taona 2020 dia nahazo "poste budgétaire" miisa 1200 isika. Tanora efa nahavita raharaha miaramila na «service légal» no naverina tato amin'ny tafika. Notsinjaraina ho toy izao izy ireo: miisa 900 ho an'ny tafika an-tanety; miisa 200 ho an'ny tafika an-dranomasina ary miisa 100 ho an'ny tafika an'habakabaka.

Zavatra ohatran'izany no ahafahana manatsara ny fandriam-pahalemana eto Madagasikara ary entina hanatsarana ny fahaiza-manaon'izy ireo koa mba ho tandroka aron'ny vozona tokoa ny tafika.

Maro ny “opérations” natao tamin'ny taona 2020 iny na dia tsy notenenina tamin'ny fahita lavitra aza. Maro ny toerana nanaovana “interventions” samihafa ihany koa.

Betsaka ianareo no miantso anay ary mifandray tsy tapaka amin'ny resaka asa. Ohatra amin'izany, ny Solombavambahoakan'i Belo sur Tsiribihina, Benenitra ary Ankazoabo Atsimo dia nanao fifanomezan-tànana tamin'ny vaovao. Tsy maintsy manao fifanomezan-tànana isika mba hisian'ny fandriam-pahalemana. Ohatra tamin'izany koa ny tany Malaimbandy, Ankilizato, Ambia, Mahabo, Itasy, Antany Meva, Betsipolotra, Akondromena, any Vondrozo izay nandefasana Miaramila 400 tamin'ny herinandro. Tany Ranomafana-Fianarantsoa, tao amin'ny “parc national”, tsy maintsy nanaovana “opération” koa satria arovana ny tontolo iainana.

Nojerena koa ny fifindra-monina tsy ara-dalàna na “immigration clandestine” toy ny any amin'ny faritra avaratra andrefan'ny Nosy, misy olona avy any amin'ny firenen-kafa tonga eto amintsika. Nanaovan'ny tafika an-dranomasina ezaka izany mba tsy hanohitohina ny fiandrianam-pirenentsika. Tahak'izany koa ny fiarovana ny “mangrove” any amin'ny Faritra DIANA. Raha jerentsika, teo amin'ny 122 andro eo no lany tamin'ny fanaovana “opérations”. Niara-niasa tamin'ny Zandary koa tamin'ny fanaovana izany. Misy ny «opérations ponctuelles», tahaka ny nataontsika tany Androy, Besia, Besakoa, Atsimo Atsinanana ary mitohy tany Bekokatraka, Faritra SOFIA izay naharitra 110 andro teo. Anjatony ny Miaramila nampiasaina tamin'izany. Nisy fotoana, nidina tany an-toerana mihitsy izahay, ohatra, tany Benenitra. Nandritra ny “oprération”, nisy Miaramila naratra na maty mihitsy aza.

Ankehitriny, efa voasambotra ny olona rehetra tafiditra tamin'ny fandorana tanàna sy famonoana olona tany Benenitra iny. Ny mahagaga dia misy tambazotra mihitsy satria misy Ben'ny Tanàna taloha, mifandray tendro amin'ny mpanao ratsy. Iarahana amin'ny Zandary ny fanadihadiana mba hamongorana ny olon-dratsy.

Tamin'ny 2020 dia omby teo amin'ny 4 222 no tafaverina amin'ny tompony. Izany hoe, 56%-n'ny omby very no tafaverina.

Ny dahalo tratra dia miisa 126 na 43% no tratran'ny ZRPS. Basy mahery vaika sy vita gasy miisa 114 no azon'ny ZRPS DELTA tany Maevatanana sy tany Avaratry ny Nosy. Izany hoe, 48% raha atao amin'ny isan-jato.

Momba ny “opération maritime”, «opération» eny ambony ranomasina dia sambo miisa 117 no nosavaina ka roa tamin'izy ireo no nitondra “bois de rose” tany Ambanja. Nisy roa tamin'izy ireo no nitondra olona tsy ara-dalana izay tratra tany Sainte Marie sy Nosy Sakatia. Araka ny tenin'ny Filohampirenena, tsy maintsy manatona ny vahoaka ny tafika. Tamin'ny taona 2020, raha nisy ranobe tany Mahajanga, nandray anjara tamin'izany ny tafika an'habakabaka sy ny tafika an-dranomasina; nandefa sakafo sy fanafody ary akanjo ny tafika. Nandefa Dokotera nanao “évacuation sanitaire” ihany koa; izany rehetra izany dia naharitra 191 ora.

Tsy vitan'izay fotsiny, fa nisy ny fanatsarana ny tontolo iainana; ny “reboisement” izany, izay nambolena zanakazo miisa 150 190 sy nahafahana namokatra zanakazo miisa 1 495 800 teo ho eo.

Nandray anjara feno tamin'ny ady amin'ny valan'aretina "Covid-19" koa ny tafika Malagasy. Teo ny BMM 1 na "Bataillon Multi-Mission n°1" izay nampiasaina tamin'ny 2020 iny teto Antananarivo tamin'ny fanaovana ny "confinement". Nisy ny atao hoe "approche syndromique" nitaterana ny marary na andro na alina.

Teo koa ny "Bataillon Multi-Mission n°2" izay nalefa tany Toamasina tamin'ny herin-taona mba ho fanajana ny "confinement" sy nanampiana ny mpitsabo. Maro ny dokotera Miaramila tamin'ny «Bataillon de Brigade d'Intervention Spéciale» teto Antananarivo, Fianarantsoa, Toamasina ary Moramanga. Teo dia teo koa ny tafika Malagasy mandrafitra ny "plateforme nationale de gestion médicale de covid-19" tao Mahamasina ary mbola ao ankehitriny. Nanampy izany ny mpitsabo tany amin'ny hopitaly miaramilan'Antsiranana sy Antananarivo; tao koa ny CTC Mahamasina izay fantatra tsara, fa Miaramila no nandrafitra azy.

Nisy ny fampiasana ny tafika an'habakabaka tamin'ny fizarana ny «test» tamin'ny toerana samihafa teto amin'ny firenena. Naharitra teo amin'ny 379 andro ny nanaovana izany.

Teo amin'ny fanampiana na "soutien" tamin'ny Vatsy Tsinjo sy ny fizarana CVO ohatra dia nanao «opération» ny Tafika. Ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena koa dia nanao "barrage sanitaire" tamin'ny toerana maro. Nanampy tamin'ny "désinfection" koa ary nampiasa Miaramila 300 mahery sady nanaparitaka miaramila an'arivony tamin'ny fanampiana samihafa.

Amin'izao fotoana izao, misy ny kere sy tsy fahampian-tsakafo any Atsimo, ka napetraka any CCOK any Androy sy Anosy. Tamin'ny taona 2020, ny tomponandraiketry ny CCOK tany Ambovombe sy Amboasary Atsimo dia miaramila sy dokotera miaramila tao amin'ny "Bataillon Multi-Mission n°3". Miaramila miisa 600 no nampiasaina tany an-toerana.

Natao ny fanisana ny olona tsy ampy sakafo, olona miisa 77 998 no tsapa fa niharan'izany ary olona miisa 1 438 tamin'ireo no "cas grave". Nidina tany an-toerana mihitsy ny tenanay nanara-maso ireny CCOK ireny ary dia an-tongotra sady lavitra no nandehanana nanao ny fanisana olona. Fahasahiranana no niainana tamin'izany, tsy nitaraina tàna-miepaka izahay satria izay no baiko miaramila, izay no baiko nomen'ny Filohampirenena, izay no baiko nomen'ny Praiminisitra.

Tamin'ny taona 2020 dia maro ny fotodrafitrasa natsangana. Tao ny "Base Opérationnelle Avancée" izay afaka mandray kaompania 80. Izany hoe 80 BATAX. Teo ihany koa ny fotodrafitrasa atao hoe "Détachement Spécial de Sécurité" andraisana miaramila 20 eo. Efa mipetraka ary ampiasaina ary ny toerana misy DESS mbola tsy notokanana aza dia hojerena ny hanampiana ny miaramila manao "opération".

Nametraka BOA miisa 5 isika tamin'ny taona 2020. Ny iray efa notokanana tany lakora ary ny 4 miandry fitokanana izay hataon'ny Raiamandrenintsika. Misy ihany koa ireo DESS miisa 6, ny 5 dia efa vita soa aman-tsara fa miandry fitokanana. Ny iray ao Befotaka kosa, eo ampanaovana azy satria somary ratsy ny lalana.

Tamin'ny faran'ny taona 2020, nanao ny BOA tany Isandra, any Kandreho izay eo ampamitana azy, any Betsipolotra, Andriry, Ankazoabo Atsimo. Nanamboatra DSS any Vangaindrano, Anjozorobe, Soalala, Mandritsara, Vohipeno ary Mitsinjo.

Natao izany paikady izany mba hanarahana ny tenin'ny Filohampirenena sy ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta hoe: mba tsy hisy intsony ny Distrika hadino.

Nitarika tany Isandra Izahay sy Andriamatoa Praiminisitra satria nisy fotoana, tena makadilo sofina mihitsy ny fahenoana fa anjakan'ny dahalo izany toerana izany. Ankehitriny kosa efa milamina ny vahoaka ao Isandra. Any Ambalakindresy koa, efa manomboka miverina amin'ny laoniny ny fiainan'ny vahoaka. Apetraka ny fotodrafitrasa mba hisian'ny fampandrosoana. Raha tany Anjery manokana, raha mandeha any ianareo, mampalahelo ny zava-misy fa rongony mahatratra 2 metatra ny haavony, mandifotra olona mihitsy. Tsy maintsy ravana izany satria manimba ny firenentsika, manimba ny tanorantsika ary tsy azo andeferana. Anisan'ny hametrahana BOA any Andriy mba handry fahalemana.

Misy koa ny atao hoe "action civilo-militaire", araka ny teniko hoe: tsy maintsy mifanome tana amin'ny vahoaka isika. Tsy maintsy mandray anjara feno amin'ny fiarovana ny ain'ny vahoaka sy ny fananany. Tsy misalasala isika fa mandefa ny Miaramilantsika; ny tafika antanety, ny tafika an-dranomasina ary ny tafika an'habakabaka manampy sy miaro ny vahoaka Malagasy.

Ho an'ny tanindrazana no ijoroanay, ho an'ny tanindrazana no anaovana ny asa rehetra mifanaraka amin'izany eto amin'ity firenena Malagasy tiantika ity.

Fisaorana an'Andriamatoa Minisitry no nataon'Andriamatoa Filoha, taorian'ny tatitra nataony.

Rehefa izany, nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka voafidy tany Belo sur Tsiribihana satria misy fampitam-baovao hozatainy.

Toy izao ny fampitam-baovao nataon'Andriamatoa FERNAND Jeannot: araka ny voalazanareo dia miantso anareo izahay Solombavambahoaka rehefa misy tsy fahandriam-pahalemana miseho aty aminay.

Amin'izao fotoana itenenana izao, misy asan-dahalo mahatsiravina ao amin'ny Kaominina Belinta. Omby miisa 50 no lasan'ny dahalo ary olona enina mianaka no nataon'ny dahalo takalon'aina. Ny dimy mianaka tafaverina, fa ny iray kosa lasany any. Basy "kalachnikov" telo no entin'ireo dahalo nanafika tao. Tsy voatohitry ny Miaramila izy ireo satria Miaramila miisa 5 ihany no miasa ao an-toerana. Noho izany, mangataka vonjy avy aminareo izahay.

Afak'omaly koa, mbola nisy omby miisa 122 tao amin'ny Kaominina Ankalanibe, Fokontanin'Anketa, lasan'ny dahalo ary mbola tsy nisy tafaverina.

Talohan'izay, nisy omby miisa 50 lasan'ny dahalo ihany koa tao amin'ny Kaominin'Ankalanibe, Fokontanin'Ankalanibe. Dahalo any amin'ny 40 lahy no nanafika tao; Zandary miisa 4 no miasa ao ka tsy voatohitra izy ireo.

Noho izany, mangataka ny famonjena avy aminareo fitondram-panjakana izay misahana ny fahandriam-pahalemana fa mijaly ny vahoaka. Miangavy Andriamatoa Minisitry, mba andefaso "hélicoptère" satria ny zavatra ohatran'izao no itadiavana izany.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa REMI dit DJAO Jean, tamin'ny satroka nataony.

Niangavy ny Minisitry ny Fanabezam-pirenena mba hanamboarana ny sekoly simba tamin'ny fandalovan'ny rivo-doza satria maro no simba amin'ireo sekoly ireo.

Fisaorana ny Minisitra tamin'ny nanomezany “cache bouche” ho an'ny mpianatra tamin'ny fandalovany tany Antsohihy; mangataka ihany koa “tables-bancs” satria tsy ampy izany. Tokony hampitomboana ny fanaovana “recrutement”-n'ny mpampianatra eto Antsohihy satria tsy ampy ny mpampianatra.

Mangataka ny hanamboarana toby miaramila eto Antsohihy satria tena miasa ny Miaramila any an-toerana.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa TSIKEL'IANKINA, Minisitry ny Fampianarana Teknika sy Fanofanana Arak'asa hanao ny tatitry ny asa vitany; ka toy izao izany:

Ny iraka izay napetraka tamin'ny Minisiteranay dia hanatanteraka ny “enseignement technique” sy ny “formation professionnelle”.

Araka ny velirano nataon'ny Filohampirenena fahaefatra manao hoe: fanomezan-danja bebe kokoa ny fampianarana teknika, indrindra any amin'ny Faritra ary hanatanteraka ihany koa ny velirano fahaenina momba ny famoronana asa mendrika ho an'ny rehetra. Noho izany, hotanterahina ny fanofanana arak'asa ary hatao koa ny fanamafisana orina ny fahaizamao eto amin'ny firenena.

Any amin'ny taona 2023, hisy hatramin'ny 100 000 no hofanina, raha 57 000 izany amin'izao fotoana izao.

Ho an'ireo manaraka ny “enseignement technique”, kendrena farafahakeliny mba ho 30% amin'izay maharaka ny any amin'ny Oniversite raha ohatra te-hanohy any ny mpianatra. Amin'izao fotoana izao kosa, 10% fotsiny no tafiditra eny amin'ny Oniversite.

Raha ny fanofanana arak'asa, kendrena farafahakeliny mba ho 40% no mahita asa avy hatrany. Napetraka amin'ity Minisitera ity koa ny fanofanana arak'asa ho an'ireo olona efa tsy misehatra amin'ny fianarana intsony. Mahatratra 300 000 isan-taona no hofanina amin'izany. Kendrena koa mba tsy ho latsaky ny 50% amin'ireo olona mifofana no hahazo asa.

Mizara efatra lehibe ny fanazavana hatao eto.

Voalohany, ny fanatanterahana ny vina nataon'ny Filohampirenena dia tsy maintsy misy fanitsiana ireo drafi-pitantanana sy ny drafi-panofanana.

Faharoa, ny fanofanana arak'asa natao. Fahatelo, ny fampianarana teknika. Fahaefatra ny “mesure de riposte” amin'ny “covid-19” izay notanterahinay. Ny hamaranana azy, ireo zavatra kasaina hatao amin'ny fotodrafitrasa amin'ny taona 2022.

Mikasika ny fitantanana ankapobeny.

Fantatra fa nofoanana ny DREFDP ary nosoloina “Direction Régionale”. Ny “établissement” rehetra amin'izao fotoana izao dia lasa “gestionnaire de crédit” daholo. Izany hoe, izy ireo ihany no mitantana ny “budget-ny. Nisy tamin'izany ny fametrahana “cellule” mampifandray ny “établissement” amin'ny orinasa. Nisy fanofanana “conseiller en insertion et orientation” miisa 170 misehatra amin'ireo «établissement autonome» ireo. Tsy maintsy nasiana fanitsiana «textes» rehetra mifehy ny fanofanana, mba ahafahana manatanteraka fanofanana. Eo ampamolavolana lalàna «arrêté» na «décret» mikasika ny “nationale”-n'ny fanofanana arak'asa izahay amin'izao fotoana izao.

Noho ny hamehana ara-pahasalamana tamin'ny taona 2020, nofoanana ny "droit d'inscription" sy ny «frais de formation». Nampirisika ny tanora hiofana izany. Nitombo avo efatra heny ny mpisitrika fanofanana vokatr'izany fanafoanana izany.

Mikasika ny fitantanana ny "finance publique".

Marihana fa tamin'ny taona 2020, 86%-n'ny "budget" nomena ny Minisitery dia nomena ny "Directions Régionales" sy ny "établissements" daholo. Natao izany mba ahafanana manatanteraka eny ifotony ny fanofanana. "Décentralisation budgétaire" no nataonay ary tsy maintsy narahana fanofanana ny "actionnaires budgétaires" rehetra teo anivon'ny "Directions Régionales" sy «établissements» miisa 432 izany. Ny tena nampirisika nanao izany, araka ny voalaza teo, betsaka ny mpamatsy vola sy mpiara-miombon'antoka no nanampy. Amin'izao fotoana izao, efa voasonia ny «plan d'action» niaraka tamin'ireo mpamatsy vola hahatanterahana ny atao hoe «fonds commun de l'éducation» izay hanampianay ny «budget» ho an'ny «établissement» sy ho an'ny Minisitery.

Tsapa fa na dia natao aza ny fanofanana, mbola sahirana ihany ny "chef d'établissement" amin'ny «opération comptable». Tsy maintsy misy anefa ny fanaraha-maso sy fanampiana ataonay avy ato amin'ny Minisitery ho azy ireny.

Tohizana hatrany ny "formation" an'ireo "acteurs budgétaires" ireo ary tsy maintsy ofanina ny OS, ny GAP, ny PRMP.

Momba ny fotodrafitrasa.

Nisy ny fananganana "établissement" vaovao. Tamin'ny taona 2020, natsangana ny "lycée technique et professionnelle" sy ny "centre de formation professionnelle de référence" manara-penitra; tany Bealanana, Betafo, Ihosy ary Tsihombe no vitan'ny volan'ny Minisitery tamin'izany.

Mikasika ny fitantanana ny olombelona.

Tamin'ny taona 2020, nahazo "poste budgétaire" sy nanao "recrutement" ho an'ny "agents formateurs" sy ny mpandraharaha teo anivon'ny "établissement" izahay ary nahatratra 500 izy ireo.

Tamin'ny taona 2020 koa, ny mpisehatra teo amin'ny "établissement" dia nanjary "fonctionnaire ELD". Amin'izao fotoana izao, efa mikarakara ny "basculement" ho azy ireo mba hahazoany "statut de fonctionnaire" izahay. Nahatratra 344 ny isan'ireo "formateurs" nofanina misehatra eo anivon'ny "établissement" tsirairay avy. Niompana tamin'ny fampiasana ny "référentielle de formation" sy «entrepreneuriat» ary ny «spécialité publique» ny fanofanana natao ho an'ireo mpampianatra sy mpandraharaha teo anivon'ny «établissement».

Momba ny fanofanana arak'asa notanterahan'ny Minisitery nandritra ny taona 2020 ary mitohy hatramin'izao fotoana izao izany.

Voalohany, ny fananganana «centre de formation professionnelle de référence» tany amin'ny Faritra miisa 5. Nisy ny fandrafetana "référentielle", amin'izao miisa 13 ho an'ny "formation professionnelle" ary 70 no isan'ny "référentielle" amin'ny «unité de base» izay miisa 598 ny «modules» ao anatiny. Ahafahana manofana tanora sy olon-dehibe miisa 147 541 izay miompana tamin'ny asa sy ny asa fototra ilain'ny olona tsirairay avy.

Amin'izao fotoana izao, voapetraka ny «répertoire de compétence» mba ahafahana mi-«organiser» araka ny tokony ho izy ny «formation professionnelle» mba ahafahana mitily sy manara-maso ny filan'ny Faritra, ny filan'ny «entreprise» hanomana ny fiofanana arak'asa ilain'ny tanora sy ny orinasa.

Tamin'ny taona 2020 ary mitohy hatramin'izao, natomboka ny atao hoe: «validation des acquis de l'expérience». Voapetraka eny anivon'ny Faritra miisa telo amin'izao fotoana izao ny “plateau technique” ahafahana manatanteraka ny PAE. Natao izany mba ahafahana mi-«certifier» ny fahaiza-manao efa ananan'ny olona na tsy nanadalo tany amin'ny «centre de formation professionnelle» aza izy ireo. Ny diplaoma azony avy eo dia mitovy lenta amin'ny diplaoma azo tany amin'ny Ivon-toeram-panofanana ihany.

Natao ny fanofanana tamin'ny fomba maoderina ny tanora mba hisehatra amin'ny famokarana ankapobeny. Nisy ny fanofanana “carreleurs” izay horaisin'ny “entreprise” avy hatrany ny 90%-n'ny olona voaofana. Manao VAE miatrika ny “jury professionnel” sy “jury pédagogique”. Teo koa ny fanaovana asa tònana vita amin'ny tany manga, tao ny niofana “informatique”, tao ny fanofanana ny olona hiasa amin'ny “zone franche” sy ny fanofanana mikasika ny “cuisine et pâtisserie”.

Toy izao ny zava-bita teo amin'ny sehatry ny “enseignement technique et professionnel”. Niezaka izahay satria nisy fanamarihana nataon'ny anjery manontolo hoe: ambany loatra ny “niveau”-n'ny mpianatra avy amin'ny “enseignement technique”. Vokatr'izay, nahitsinay ny programan'ny «3<sup>eme</sup> année» ho an'ny ankizy manao ny «enseignement technique». Nampiakarina ny «matière scientifique». Niarahana tamin'ny mpampianatra teny amin'ny anjery manontolo ny fanatsarana izany programa izany. Inoana fa izay no hahatanterahana ny hoe: rehefa manaraka “enseignement supérieur” ny tanora, mba hitombo amin'izay ny fahaizany.

Araka ny voalaza teo, nampiasa «plateforme numérique» izahay mba ahafahana manofana ny mpampianatra ary nisy «encadrement sur terrain» natao.

Raha ny isa no jerena; tamin'ny taona 2020, toy izao ny isan'ny mpanala fanadinana. Ny taham-pahafahana dia nahatratra 75% ka hatramin'ny 95%. Rehefa nofoanana ny saram-pianarana dia nitombo ny isan'ny mpiofana. Amin'ity taona ity, mbola hitombo koa ny isan'ireo mpiadina amin'ny “enseignement technique” sy “formation professionnelle”.

Farany, nisy ny ezaka natao tamin'ity taona ity hiatrehana ny valan'aretina.

Ireto zavatra vitsivitsy ireto no hamintinana ny natao tamin'izany.

Misy ny fandrafetana drafitra maty paika nentina niaro ny mpianatra tsy maintsy nianatra tany an-tsekoly. Nahemotra ny datim-panadinana satria tsy maintsy “ratrapper”-na ny fampiatoana ny fampianarana mba hitazonana ny fenitra sy ny “niveau d'enseignement” tamin'iny taona lasa iny.

Teo anivon'ny sekoly, rehefa niverina nianatra ny kilasy “3<sup>eme</sup> année”, tsy maintsy nomena “masque”, savony, mba hiarovana azy amin'ny “coronavirus”. Notohizana ny fanentanana amin'ny “geste barrière” ho an'ireo Ray aman-dReny sy ny mpiofana ary ny tanora.

Notohizana ny fampiasana ny “TIC” sy «facebook» ary “e-mail”. Nisy aza fanontana «sujet type» sy «cours» nozaraina ho an'ny mpianatra tsy nanana «accès» tamin'ny «TIC» tany ambanivohitra.

Ny Mpampianatra no nanao «regroupement» ho azy ireo mba ahafahana manenjika fahatarana. Nisy ny fametrahana “plateforme numérique” izay novatsian’ny UNESCO vola mba ahafahana manao «formation à distance» ho an’ny «formateurs». Nisy koa ny «support de cours audio-visuel» nentina nanatsarana ny fampianarana. Nahitana vokatra tsara tokoa satria sady afaka nihaona tamin’ny mpianatra no afaka misitraka «polycope» sy «sujet» isan-karazany. Nihatsara ny vokatra azo tamin’iny taona lasa iny ary mbola hotohizana hatramin’izao ny fampiasana ireo «outils» harifomba ireo.

Hamaranana ny tatitra, io hita amin’ny sary io ny “perspective” hataonay amin’ity taona ity, raha ny fananganana fotodrafitrasa no lazaina. Fananganana «centre de formation professionnelle de référence», ka io no endriny. Fiaraha-miasa amin’ny sehatra tsy miankina iray no natao ary ny fanjakana no hanao ny fotodrafitrasa ary hisy «délégation» homena ny Akamasoa. «Père Pedro» no hitantana ny «centre de formation professionnelle» hatao eny Antananarivo-Avaradrano. Hisy efitrano fianarana fito, «atelier de formation» valo ary «bâtiment administratif» sy «bâtiment de recherche et hébergement» ho an’ny tsy manankialofana.

Ho an’ireto Distrika manaraka ireto, Ambilobe Maevatanana, Moramanga, Isandra, Brickaville dia ireo hita amin’ny sary ireo ny endriky ny «centre de formation professionnelle» hatsangana amin’ity taona 2021 ity. Aza manahy ianareo efa nananganana CFPR toy ny any Tsihombe, Ihosy, Betafo, Bealanana, Vatomandry, fa amin’ity taona ity ny fampitaovana ary tena manara-penitra tokoa ireo fampitaovana ireo, satria efa atao ny fanomanana ny «appel d’offres». Hisy hatramin’ny «tracteur» homena an’ireo CFPR ireo mba ahafahana manofana araka ny fenitra iraisam-pirenena ny tanorantsika mba hahita asa avy hatrany izy raha vao vita ny fanofanana azy.

Rehefa izany, nisaotra an’Andriamatoa Minisitra, Andriamatoa Filoha, ary nanome fitenenana ny Filohan’ny Vaomieran’ny Fanabeazam-pirenena.

Toy izao ny fandraisam-pitenenana nataon’Andriamatoa RANDRIANARIVELO Abel. Kitro ifaharan’ny fampandrosoana ny firenena ny fanabeazana. Manaiky ny rehetra, fa latsaka an-katerena ny fanabeazana ary mbola nampian’ny “Covid-19” izay nanamafy ny vesatr’izany faharatsian’ny fanabeazana izany.

Deraina ny ezaka irosoan’ny Minisitara amin’ny fanatsarana ny fanabeazana. Teo amin’ny fotodrafitrasa ohatra, dia nahitana “bonne pratique” mihitsy ary mety amin’ny rehetra ny fitsinjirana ara-drariny ny sekoly “à deux salles” manerana ny Distrika. Hita taratra koa ny fanovàna nentinareo; ohatra, ny fisian’ny “389 kit de construction” haparitaka manerana ny Nosy amin’ity taona 2021 ity. Iriana ny hitazonana ny zavatra efa tsara teo aloha. Maniry ny handraisana ny hevitra ny Solombavambahoaka amin’ny fanaparitahana ny “kit de construction” koa izahay.

Mikasika ny “recrutement”-n’ny mpampianatra, hatramin’izao, mbola olana ny fanatanterahana azy. Ankoatra ny “critère” napetraky ny Minisitara, tokony hojerena koa ny anjaran’ny Distrika satria tena misy Distrika vitsy loatra ny “recrutement” atao any aminy. Toe-javatra tena ahazoan’ny Solombavambahoaka tsikera tokoa izany.



Tokony hojerena manokana koa ny mpampianatra be taona satria tanora izy no niditra tamin'ny sehatry ny fanabeazana. Be taona, efa nahavita 12 taona izy ireo kanefa tsy voaray. Marina fa tsy izao fitondrana izao no nahatonga izany, saingy tokony hijery vahaolana hamahana izany. Iarahana mahalala teo, fa voasoratra amin'ny "statut de fonctionnaire" hoe: rehefa nahavita 6 taona tamin'ny asam-panjakana dia tokony horaisina.

Eo amin'ny fifandraisan'ny Solombavambahoaka sy ny Minisitery, ianao Ramatoa Minisitry no azo lazaina fa filamatra amin'izany. Rehefa nisy anefa ny olana nitranga tamin'ny "réseaux de communication", tsapanay fa nanapaka ny fifandraisana tamin'ny Solombavambahoaka ianao. Marina fa eo ny "Chef CISCO" saingy manana ny fahitany koa ny Solombavambahoaka. Koa miangavy anao mba hametraka sehatra mazava ahafahana mifanerasera, mba hitondrana fanatsarana amin'ny tontolon'ny fanabeazana. Noho izany, irianay mba hisy sehatra afahana mifandray amintsika roa tonta hitondran'ny Solombavambahoaka ny heviny.

Rehefa izany, nitohy tamin'ny fanomezana fitenenana, Andriamatoa Filoha, ka Andriamatoa JEAN Francois Michel no nandray izany ary toy izao no nambarany.

Voalohany, mikasika ny fahatarana amin'ny fandoavana karaman'ny "vacataire", tokony hojerena satria misy fiantraikany amin'ny fiainan-tokatranon'izy ireo izany araka ny tatitra tonga eto aminay.

Ahoana ny tsy fahampian'ireo mpampianatra raisina ho mpiasam-panjakana; ho an'ny Minisitery roa izany satria matetika lasa tompon-trano mihono izahay Solombavambahoaka any ifotony. Tsy ampandrenesina izahay rehefa misy "recrutement" ampahibemaso. Malahelo izahay, tsy fantatray hoe ahoana marina ireto tomponandraikitra sy solotenanareo aty ifotony ireny, toy ny DREN izany. Amin'ny fotoana toy izao, iarahana-mahalala, fa ianareo Minisitry dia manao tatitra eto anivon'ny Solombavambahoaka; noho izany, tsy tokony ho tompon-trano mihono. Tokony hisy "communication" mazava tsara ho an'ireo mpanantateraka aty ifotony.

Mikasika ny tsy fahampian'ny fampitaovana eny ifotony izany, anisan'izany "matériel informatique", ny "salle de classe" izay iombonan'ny Minisitery roa; tokony hisy ezaka goavana satria somary efa antitra ny fotodrafitrasa. Torak'izany, ratsy ny "tables bancs", tena potika daholo ny eto Antsirabe I. Mba hisian'ny fitoviana, raha nanaterana izany ny sekoly Katolika, mba anatero koa ny sekoly Loterana ary jereo manokana ny sekoly fanabeazana fototra sy CEG, satria tena potika ny "tables bancs". Anisan'izany ao Ambavahady Mangatsiaka, potika tanteraka ny fotodrafitrasa saingy efa natsangako amin'ny maha Solombavambahoaka ahy. Efa nanome "tables bancs" izahay saingy mbola tsy ampy, ka manantena ny hanomezanao an'izany, Ramatoa Minisitry.

Manantena fiaraha-miasa aminareo Minisitery ary aza atao ankilabao ny Solombavambahoaka satria ny asany raha ny Lalàmpanorenenana no jerena dia manaramaso ny mpanantateraka.

Nanambara, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, raha nomena fitenenana, fa tokony hametrhana fampianarana ara-teknika ao amin'ny Kaomininan'i Jangana, Distrikan'i Betroka.

Ho an'ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, nanome "tables bancs" ho an'ny sekoly izahay, kanefa maninona no hesorina ny "Chef CISCO" eto aminay, fa olona hafa tsy mahay ny rafi-pampianarana no hasolo azy. Tsy mety izany satria Solombavambahoaka no mahita ny zavatra eny ifotony. Aoka tsy hasiana resaka politika ny fampianarana.

Rehefa izany, ny Vondrona Parlemantera GPR no nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana.

Nanambara, Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, rehefa nomena fitenenana, fa manamafy ny teny nataon'ny namany avy tany Betroka teo, tokony hijery ny zava-misy marina vao mandray fanapahan-kevitra, fa tsy ny lokopolitika ananana no jerena mialoha satria tsy mahatsara ny lafiny fampianarana izany.

Nambarany ihany koa fa ny GPR, tsy mpanihatra saingy mitaky ny fahamarianana raha misy zavatra hitany, fa tsy mety ny ataon'ny manodidina ny Filohampirenena.

Miangavy an-dRamatoa Minisitra koa mba handray telefaonina rehefa miantso ny Solombavambahoaka satria tsy mamaly mihitsy izy rehefa antsoina. Tsy fantatrao akory anefa ny zavatra iantsoana anao; noho izany, valio ny antsoinay fa aza atao an'izany.

Inona no antony namindrana toerana ny PRMP teto aminay ho any Mahajanga. Manontany izahay satria lasa nisy "appel d'offres infructueux" tamin'ny "bâtiments" roa izay ahitana efitra efatra. Tsy mazava ny antony ka angatahana fanazavana avy amin-dRamatoa Minisitra ary amintsika miteny izao, mbola tsy vita ny "appel d'offres".

Marina ny rsaka teo aloha momba ny "Chef CISCO", tsy izahay irery no mitaraina, fa na namana avy ao amin'ny IRD aza mitariana koa. Noho izany, mila mifampiresaka rehefa handray fanapahan-kevitra satria indraindray, tsy mifanaraka amin'ny eritreritray olomboafidy, olona hiady aminay ve no alefanareo, olona tsy afaka hiara-hiasa aminay akory. Tsy izany no fitondrana ity firenena ity. Miangavy anao, fa samy manohana ny Filohampirenena isika.

Mikasika ny "tables bancs", manao fitokononana fanairana izao ny "Lycée" ao Maintirano, ary izy ihany no manao izany satria mipetraka amin'ny tany ny ankizy no manoratra. Tsy mbola nisy nitovy amin'izao hatramin'ny Repoblika voalohany. Mba manaova modely tahaka ny nataon'ny Minisitra aloha ianareo satria nifanerasera taminay Solombavambahoaka izany olona izany.

Momba ny Tosika Fameno ho an'ny mpampianatra FRAM, 100 000 Ariary no homena azy ireo kanefa miisa 50499 mpampianatra hahazo azy. Hazavao tsara satria raha izay no isany, tokony ho vola 5 Miliara Ariary izany no ho lany amin'izany.

Mikasika vola natokana ho an'ny "dictionnaire" izay nozaraina; voalaza fa 18574 no isany ary "1 Million" no vidiny. Raha dinihana, "18 Milliards" izany, kanefa natao "38 Milliards"; mbola misy "20 Milliards" sisa izany sa mbola hisy hozaraina ato ho ato.

Momba ny "Chef CISCO" notendrena tany Ambovobe Androy; olona tsy tokony notendrena no notendrena; manaporofy izany, fa rehefa olona tsy noeritreretinareo amin'ny resaka politika dia zavatra hafa no anaovana azy. Raha ny hevetry, tokony hojerena akaiky izany, fa aza asiana politika satria sao hamono hahafaty ny Filohampirenena.

Tsy ianareo no tohananany fa ny Filohampirenena, ka izy indray no manjary “victime”, ka miangavy anareo izahay. Tsy manome lesona, aho fa mba maka lesona amin’ny Minisitry teo aloha.

Rehefa izany, nomena fitenenana, Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D’Arc, nambarany fa manamafy ny resaka ho an’ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena teo ny tenany. Raha manamarika, Ramatoa Minisitry, fa rehefa misy miteny saika miresaka azy daholo ary mitovy ny olan’ny Distrika, indrindra ho anay GPR.

Efa nifampiresaka mikasika ny “Chef CISCO” eto Tsihombe isika. Nomena “données” ianao ary nalainao izany, amin’ny fomba ahoana no handravana ny kolikoly amin’izany satria na dia efa nomena ny porofo rehetra, mbola tsy nisy fihetsika avy any aminao. Ny Ny olona mangataka hanoloana ny “Chef CISCO” any aminy, tsy soloina; ny tsy mangataka indray, soloina. Aminay, tsy fahaizana miara-miasa amin’ny Solombavambahoaka izany.

Tiana ny mampahatsiahy, an-dRamatoa Minisitry, fa raha misy ny olona “légitime” sy “légal” ao amin’ny Distrika iray dia ny Solombavambahoaka izany. Raha misy olona hafa miresaka amin’ny anaran’ny Solombavambahoaka, tsy marina izany fa tokony hajaina ny Solombavambahoaka voafidy any amin’ny Distrika misy azy. Mba mandraisa telefaonina ianao rehefa antsoina satria raha ohatra tsy Minisitry ny Fampianarana ianao, izaho mety tsy nahalala ny laharan’ny telefaoninao. Mba areno ny fampianarana ao Tsihombe, satria hatramin’ny fitarainana nataoko izay tsy nohenoinao iny dia mikorosy fahana ny fampianarana ao Tsihombe.

Mikasika ny Fampianarana Teknika, misaotra fa vita ny “centre professionnel” ao Tsihombe. Nilaza koa Andriamatoa Minisitry teo, fa hisy fampitaovana ireo “centres” ireo; misaotra mialoha ary tsy tokony ho diso anjara amin’izany ny Distrikan’i Tsihombe.

Momba ny “recrutement”; efa nanana “quota” miisa fito ny Distrikan’i Tsihombe saingy nentina niverina izany; kivy ny mpampianatra noho izany satria tsy nisy voaray tao aminay. Miangavy ny handraisana azy ireo amin’ny “recrutement” manaraka.

Ho an’ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena; misaotra anao fa manaporofy ny asa vitanareo ny fametrahana CCOK taty aminay. Misaotra anao, fa zavatra ohatran’ireny no tadiavin’ny Solombavambahoaka satria hitanareo mpikambana ao amin’ny Governemanta ny maharary ny vahoaka.

Taorian’izay, nomena satroka ny Solombavambahoaka voafidy tao Tsiroanomandidy.

Nanontany, Andriamatoa RAHOLJAONA Harson, fa ny 15 minitra omena itenenana ve ho an’ny Minisitry iray sa 5 minitra isaky ny Minisitry satria hisolotena ny Vondrona GPR hanao tatitra ny eo anivon’ny Fiarovam-pirenena ny tenako avy eo.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa fitambaran’ny fandraisam-pitenenan’ny Vondrona Parlemittera GPR ny 15 minitra. Rehefa vita ny satroka anjaranao, miroso amin’ny fandraisana fitenenana ny Vondrona Parlemittera IRD.

Nanohy ny fitenenany, Andriamatoa RAHOLIJAONA Harison, ka toy izao izany:

Voalohany, ho an'ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena; misaotra Andriamatoa Minisitra tamin'ny ezaka nametrahana ZRPS niova ho ZDS izay nanafoanana ny Rezimanta Miaramila nisy hatramin'izay. Miantsooka ny fandriam-pahalemana ny tafika.

Nisy koa ny fandraisana andraikitra tamin'ny fahasalamana, ny kere, ny fambolen-kazo ary hatramin'ny fizarana Vatsy Tsinjo.

Mankasitraka ny asan'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena izahay eto anivon'ny Vondrona Parlementera GPR.

Misy fanamarihana roa atao; nambaranao teo fa basy miisa 114 no tratra ary misa 1300 no nopotehana.

Midika izany fa misy ny tetika mati-paika entinareo momba ny «désarmement 2<sup>ème</sup> catégorie» sy ny «3<sup>e</sup> catégorie». Tsapa anefa fa tsy ampy ny miaramila miantsehatra na eo aza ny ezaka atao.

Mila fanazavana bebe kokoa momba ny andraikitra sy ny fiovàna teo anivon'ny tafika momba ny BOA sy ny DSS na «Détachement Spécial de Sécurité»; rehefa inona dia aiza ary rehefa amin'ny ahoana dia inona.

Nanambara ny Minisitra teo, fa mahatratra 1200 no ho raisina miaramila; misy «critère» handraisana azy ireny ve. Inona no tsy mampitovy ny polisy sy ny Zandary ary misy fifaninanana ve teo anivon'ny tafika tamin'ny fandraisana azy.

Nanao satroka Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, ka nomena fitenenana izy. Nambarany fa anisany nahafaly ny Ray Aman-dreny sy ny mpianatra ny fankasitrahana nataon'ny Filohan'ny Repoblika tamin'ny fanadinana Ofisilay, toy ny natao teny lavoloha, nanolorana fankasitrahana ho an'ny mpianatra mendrika. Tokony hotohizana ny tahaka ireny.

Izahay Solombambahoaka anefa mahita fa tsy nisy fankasitrahana ny mpianatra mendrika avy tamin'ny «enseignement technique», toy ny «Baccalauréat technique» izany. Fangatahana tiana ampitaina amin'Andriamatoa Praiminisitra sy amin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika izany, satria anisany mampitombo ny herim-po ho an'ny mpianatra koa ny fanomezana fankasitrahana azy ireo.

Mankasitraka ny ezaka ataonareo ao amin'ny fampianarana tekinka izahay ary mangetaheta izany koa ny isam-paritra.

Nanao satroka, Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, ka nomena fitenenana.

Toy izao no fandraisam-pitenenany:

Momba ny fampianarana ara-teknika, mitovy amin'ny voalaza teo; ankasitrahana ny ezaka vita satria ilaina tokoa ny haitao ho an'ny tanora.

Ny hafatra avy amin'ny GPR, ao amin'ny Kaominina Ambongo, Distrikan'Ambositra; misy ivon-toerana fampiofanana arak'asa saingy tsy misy fitaovana ampiasain'ny mpianatra sy mpampianatra. Miangavy ny hanomezana fitaovana mba ahafahana manatanteraka ny fampianarana.

Ho an'ny MEN, isaorana ny fahavitan'ny sekoly manara-penitra eto Ambositra, saingy mila jerena ireo EPP sy CEG izay efa tena ratsy tokoa. Tsy misy dabilio, toy ny any Ambinanindrano-Anketra, izay lavitra tokoa sady tsy manana "Lycée" ihany koa.

Nanao satroka, Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert, ka nomena fitenenana ihany koa.

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataony:

Momba ny fandaminana, araka ny fahalalan'ny Vondrona GPR azy, isaky ny Minisitera no manana an'io 15 minitra io. Izay no mahatonga ny satroka ho betsaka satria mifangaro amin'ny asa hafa izany. Raisina ohatra amin'izany, manana 5 minitra amaetrahana fanontanina amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fanabeazana. Manana 15 minitra ny Vondrona Parlemantera TIM, manana 15 minitra ny Vondrona Parlemantera GPR, manana 20 minitra ny Vondrona Parlemantera IRD ary 10 minitra ny tsy miankina. Izany no fandaminana natao ary lany tamin'ny fivoriambe izany. Noho izany, lasa misavoritaka ny Vondrona GPR satria efa voalamina izany.

Izany no itondrana satroka satria lasa mikorontana, ka tokony haverina sy halamina arak'izay efa nanapahana azy ny fomba itondrana azy.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa ny fomba fahazoana azy angamba no tsy mitovy, raha izay fanamarihana izay no dinihana.

Nomeny ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD ny fitenenana amin'ny 20 minitra anjarany.

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert.

Fanamarihana, ekena fa nisy fandaminana natao teo amin'ny Vaomiera na ny Vondrona Parlemantera. Raha ny fahazoanay azy, tsy 15 minitra isaky ny Minisitera no fandraisam-pitenenan'ny Vondrona Parlemantera tsirairay. Io 15 minitra io dia fandraisam-pitenenan'ny Vondrona Parlemantera ho an'ny Minisitera rehetra miatrika eto. Io ihany no ifampizaran'ny Solombavambahoaka ao anatin'ny Vondrona Parlemantera tsirairay.

Manarak'izay, nametraka fitsipika hitondrana ity fihaonana ity isika mba tsy ho «séance de doléance», tsy ho «attaque personnelle» tahaka ny heno teo, fa fanamarihana na fanontaniana momba ny tatitra nataon'ny Minisitera tsirairay no tokoy hatao. Angatahana amin'ny manaraka, mba hasiana fandinihana ary averina amin'ny laoniny, raha tsy izany, lasa mikorontana isika. Fifanakalozan-kevitra no tadiavina mba ahafahana manao jery todika ny fandaharan'asa notanterahan'ny Governemanta amin'izay, tena hisy vokany, fa tsy hivaona amin'izay heverintsika fa tsy ahitana tombotsoa.

Manaraka, Ministera telo no miatrika antsika eto. Raha mikasika ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena, nazava ny tatitra teo. Hita sy tsapa fa manomboka mipetraka tsikelikely ny fandriam-pahalemana amin'ny ankapobeny eto amintsika satria manao ezaka izay tandrify azy ny Minisitera.

Mikasika ny Fampianarana, mazava ny velirano napetraky ny Filohampirenena. Ny tanjona dia ny fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana sy fanatanterahana ny fotodrafitrasa momba izany.

Raha nihaino ny tatitra teo izahay, ezaka lehibe tokoa no nataon'ny Minisiteran'ny Fampianarana satria niaina tao anatin'ny hamehana ara-pahasalamana isika.

Sahirana koa ny Ray aman-dRenin'ny mpianatra, nanapakevitra ny Minisitera, fa atao “zéro Ariary” ny fidirana any an-tsekoly. Nahitana vokatry izany satria nitombo ny ankizy malagasy niditra an-tsekoly.

Niarahana naheno ny fananganana fotodrafitrasa maro nataon'ny Minisitera. Tamin'ny taona 2020, EPP miisa 30 manara-penitra no natao, ny Distrika miisa 119 dia samy nahazo “4 salles des classes”. Izany hoe, any amin'ny “470 salles des classes” mahery no mipetraka any amin'ny Distrika. Heverina fa azo tsapain-tànana ary hita ny fanatsarana ny fotodrafitrasa amin'ny fampianarana. Efa noresahana tamin'ny taona 2020 koa fa nisy GEG misa 8 sy “Lycée” miisa 6 izao no natao manerana an'i Madagasikara ary henontsika tamin'ny tatitra teo izany.

Maro ny ezaka natao, kanefa hojerena ihany ny fanomezana Vatsy Tsinjo ny mpampianatra FRAM «non subventionné» izay tokony hisitraka izany satria anisany nitondra anjara biriky lehibe tamin'ny fampianarana ny zanaky ny malagasy koa izy ireo.

Ao anatin'ny fandaharan'asa, taona 2020 ny fanorenana “Lycée” miisa 6, tsy mbola mandeha izany raha ny “Lycée” iray ao Antsohihy no jerena.

Mikasika ny fampianarana ihany, mba ahafahana mijery ny EPP any an-kodahoda, tokony hatao ara-potoana ny fanaovana “passation de marché”, ny fizarana dabilio sy aron'akanjo, ny kitapo. Tokony hotohizana koa izany satria sahirana ny Ray aman-drenin'ny mpianatra.

Betsaka ny sekoly natsangan'ny Ray aman-drenin'ny mpianatra, tsy ampy ny fandraisana andraikitra ny fanjakana teo aloha tamin'ny fanatsarana fotodrafitrasa; maro amin'izy ireny no tsy vita tafo, fa tafobozaka, tsy vita “dallage” fa mitorajofa. Mba jereo ny “matériaux des constructions”, toy ny fanitso sy simenitra, mba ahafahana mamita azy ireny.

Mikasika ny Fampianarana Ara-tekina sy ny Fanofanana Arak'asa. Mazava ny tatitra teo; mino sy manantena izahay fa hisy fiantraikany amin'ny fampianarana ara-tekina ireny paikady napetrak'Andriamatoa Minisitry ireny.

Tokony hifanaraka amin'ny laharam-pahamehana ny fampiofanana omena ny tanora. Ohatra, manao lalana “pavé” isika amin'izao, ny olana; vitsy ny olana any amin'ny Distrika no havanana amin'izany. Izany hoe, tokony hatao isaky ny Distrika ny fampiofanana mikasika izany.

Maro koa ny ivon-toeram-pampiofanana vita teo aloha kanefa tsy misy dabilio, tsy misy mpampianatra. Mba jereo akaiky ny mikasika izany, ao anatin'izany ny ivon-toerana ao Port-Bergé.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha, ny Solombavambahoaka tsy miankina indray ny fitenenana, amin'ny anjaran'izy ireo 10 minitra.

Andriamatoa ANDRITAHINANOMENJANAHARY Felicien, no nandray fitenenana, ka toy izao no nambarany.

Ho an'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, manaiky ny teninao aho Andriamatoa Filohan'ny Vondrona Parlemantera hoe: tokony hisy fifanajana amin'ny fitenenana atao. Amin'ny maha Solombavambahoaka ahy, mahagaga fa matetika miantso ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, mandefa SMS any aminy fa mba misy zavatra horeshahina aty Ambositra. Hatramin'ny nahateo azy, tena tsy mandray antso an-tariby mihitsy izy. Tsy fantatro amin'ny maha tsy miankina anay ve no tsy andraisana ny antsonay. Raha misy zavatra toy ireny, raiso ny antsonay Solombavambahoaka, sanatria tsy manao teny mahery aminao izahay, fa mety misy zavatra tian'ny Solombavambahoaka horeshahana aminao.

Mikasika ny fanoloana "Chef CISCO", mitovy hevitra amin'ireo namana izahay, satria misy antokon'olona vitsivitsy no mangataka any amin'ny Minisitera dia soloina ny "Chef CISCO" na mahavita na tsy mahavita ny asany; tsy misy fandinihana any ifotony akory.

Ho an'Ambositra manokana, tsy miteny aho hoe, soloana na tazonina ny "Chef CISCO", fa ny mpampianatra feheziny no mahita ny asany aty an-toerana. Afaka iray volana dia hiroso amin'ny fanadinana ara-panjakana CEPE isika. Raha tokony hosoloana izy dia soloy; rehefa tsy hosoloana kosa, omeo taratasy manamarina fa mbola tazonina izany izy.

Momba ny fandraisana mpampianatra ho mpiasam-panjakana; ny "loi de finances 2021" dia milaza fa 15 000 eo ho eo no horaisana eo anivon'ny fanabeazam-pirenena. Rehefa natao ny kajy ho an'ny "CISCO" miisa 119, tokony hanana 134 isaky ny "CISCO" izany. Ho an'ny "CISCO" sasany, toy ny any amin'ny Distrikan'i Manandriana, 27 fotsiny no voaray. Ho an'ny Distrikan'Ambositra 87 monja. Mino izahay fa mitovitovy amin'izay koa any amin'ny "CISCO" hafa. Mila jerena izay zavatra izay raha azo atao.

Mikasika ny tohana nomen'ny fanjakana ny mpampianatra "non Subventionné", raha ny nambaran'ny Filohampirenena, tokony hahazo vola 91 000 Ariary avokoa ny mpampianatra rehetra. Ny mahagaga, eto aminay koa misy "non subventionné" miisa 100 kanefa tsy nahazo Tosika Fameno. Inona no masontsivana hahazoana izany.

Mitaraina tyo ny namana teo aloha koa izahay, betsaka ny toeram-pianarana tsy misy dabilio, tsy misy tafo fa tafo bozaka, ka tokony hojerena mihitsy izay toe-javatra izay.

Ho an'ny Distrikan'Ambositra manokana, faly izahay milaza aminao, fa hanome dabilio 1000 ho an'ny sekoly amin'ny alalan'ny vola tantanin'ny Solombavambahoaka izahay. Misy ihany koa vola karaman'ny Solombavambahoaka hividiana fanitso hanampy izany. Tsy mifaninina aminao ny Solombavambahoaka, fa mifameno isika Ramatoa Minisitry; rehefa tsy vitan'ny Minisitera, miezaka ihany koa ny Solombavambahoaka manampy na dia mpanao lalàna aza ny asany.

Mikasika ny fampianarana ara-teknika kosa, mandeha izany amin'ny ankapobeny. Ny fangatahana atao aminy, mba jereo ny sekoly nosokafana, fa tsy ampy fitaovana. Tokony hojerena koa ny "Lycée Agricole" mba hampiroboroboana ny fambolena amin'izao fotoana izao.

Ho an'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena. Mankasitraka anao Andriamatoa Minisitry satria tsy mora ny manao zavatra. Miaramila taloha aho no lasa Solombavambahoaka, "45<sup>e</sup> promotion" tao amin'ny ENSOA Antsirabe aho tamin'izany. Miasa ianao sy ny ekipnao na inona na inona resahana. Eny na tsy dia 100% aza izany. Miezaka ianareo, tsy amin'ny fanenjehana dahalo ihany, fa ny fizarana fanampiana tamin'ny "Covid-19".

Mangataka mba ataovy "systématique" ny fananganana toby miaramila, indrindra any amin'ny "zone rouge".

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, an-dRamatoa Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, ny fitenenana satria izy no nahazo fanamarihana vitsivitsy sy nametrahana fanontaniana ihany koa.

Toy izao ny fandraisam-pitenenana, nataon-dRamatoa SAHONDRARIMALALA Marie Michelle, Minisitry ny Fanabeazam-pirenena.

Marina tokoa ny voalazan'Andriamatoa Filoha, teo hoe maro ny fanontaniana sy fanamarihana avy tamin'ny Solombavambahoaka niantefa taty aminay. Horaisina arakaraka ny fanamarihana nataon'ny Vondrona Parlemantera sy ny Vaomiera izany.

Mikasika ny fanamarihana napetraky ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fanabeazana; marina fa kitro ifaharan'ny fampandrosoana ny fanabeazana ary hotazonina ny «bonne pratique» izay hita fa mety amin'ny fitsinjarana ara-drariny manerana ny Distrika rehetra, toy ny fametrahana fotodrafitrasa izay efa nisy hatreto. Ny fizarana ny «389 kits de construction» dia hatao araka ny fametrahana «4 salles de classe» manara-penitra sy tsy manarapenitra. Tahaka izay koa ny «12 salles de classe» sy ny «24 salles de classe» amin'ny fijerena ny toerana hasiana azy. Iza no tokony hisitraka azy, satria ny tomponandraikitra eny ifotony sy ny Solombavambahoaka no mahafantatra ny zava-misy any an-toerana. Noho izany, htohizana ny «bonne pratique» nampiharina hatramin'izay.

Mikasika ny fandraisana ho mpiasam-panjakana; tamin'ny taona 2020, «7 500 postes budgétaires» no nomena ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, «7 500 postes budgétaires» koa no nomena tamin'ity taona 2021 ity. Tsy mora ny manao zavatra satria ao anatin'ny «15 000 postes budgétaires», misy mpianatra nivoaka tao amin'ny ENS, vary mangatsiaka tamin'ny «6<sup>ème</sup> vague» izay tsy vita ary antonta-taratasy nihidy tany amin'ny birao anankiray dia nosokirina sy navoaka satria tokony ho efa noraisina kanefa hadino tao. Ao ihany koa ny «sortants ENS pour 2020-2021». Ao anatin'izany «15 000 postes» izany koa dia misy «sortant»-n'ny CRNIEFP izay mahatratra 3 077 izay horaisina ho mpiasam-panjakana. Ao koa ireo «ENS 6<sup>e</sup> vague» izay mahatratra 200 mahery. Hojerena ny hampidirana azy ao anatin'io «15 000 postes budgétaires»izay. Nisy koa ENS na «Maître FRAM 7<sup>e</sup> vague, 8<sup>e</sup> vague», eo amin'ny 9 000 latsaka eo izy ireo no horaisina amin'ity taona ity. Nisy koa fandraisana olona avy amin'ny «Science Economique et Sociale» izay tokony ho nanomboka nampianatra tamin'ny herin-taona.

Iarahana nahita ny zava-nisy tato amin'ny Minisitry, maro ny asa tsy maintsy naato, misy koa tsy maintsy nohafanganina ny fanatanterahana azy.



Teo koa ny “personnel administratif”. Maro ny sekoly tsy misy “gardien”, tsy misy mpitantsoratra ka nangataka izany.

Izay no natonga ny fizarana ny “quota”, indrindra ny “Maître FRAM” manerana ny Distrika.

Ahoana no fomba nanaovana ny “recrutement” ampahibemaso. Nisy “critères” napetraka mikasika ireo isa ireo, natao arakaraka ny “Maître FRAM” mbola tsy voaray niasa tany antoerana.

Mikasika ny mpampianatra be taona, rehefa nidina ifotony ny Minisitera, eo amin’ny 2113 no isan’ny mpampianatra 45 ka hatramin’ny 50 taona. Efa misy “quota” napetraky ny Minisitera handraisana azy ireo. Mazava ho azy fa tsy afaka raisina daholo izy ireo amin’ity taona ity.

Momba ny fifandraisan’ny Minisitera sy ny Solombavambahoaka, nisy fitarainana teo. Tao ny tezitra, tao ny nampiseho ny alahelony, tao ny nanamarina tsotra izao. Hita fa mitombina ireny satria nihena tokoa ny fifandraisana teo amintsika. Tao ireo zava-misy tamin’ny tambazotra sosialy. Anisany nametraka sehatra hifaneraserana taminareo Solombavambahoaka ny tenako, ohatra amin’ny fampiasana “whatsapp”, ka nalalaka ny fanaovana “doléance” tamin’izany. Tsy midika izany hoe hitady fomba tsy hifaneraserana; tsia, saingy tsy araka. Fantatra fa misandrahaka eran’i Madagasikara ny fanabeazana ary izany no laharam-pahamehana ho an’ny Solombavambahoaka izay mahita ny olana any antoerana. Maro ianreo Solombavahoaka no miantso, ka tsy araka raha tsy mampiasa “whatsapp”. Nisy koa Solombavambahoaka nandalo taty ampiasana na teo aza ny “Covid-19”; noraisina hatrany ianreo na tsy afa-po tanteraka aza. Misy tokony hatsaraina ao anatin’izay fiaraha-miasa izay ary horaisina avokoa ny fanamarihana nentina teo. Maro ny fiaraha-miasa misy aminareo Solombavambahoaka na ny fijerena hoe aiza ny sekoly tokony homena dabilio, mitondra sy mizara aron’akanjo, ny “kits scolaire”, maka ny “manuel scolaire” any amin’ny Minisitera. Tsara ny manamarika, fa tsy misy avahana amin’ny resaka tombotsoa ho an’ny ankizy ary ny Solombavambahoaka nangataka izany dia nomena avokoa. Isaorana amin’ny fifanomezan-tànana satria tsy vitan’ny Minisitera irery ny fanasoavana ny zaza Malagasy, fa iarahana misalahy.

Betsaka ihany koa ny Solombavambahoaka mampiasa ny CIAD amin’ny fanomezana fanitso, dabilio izay isaorana eram-po eran-tsaina. Ao koa ny fanampiana ny mpampianatra. Isaorana ny fanampiana nataon’ny Solombavambahoaka Filohan’ny Vaomieran’ny Fampiofanana arateknika sy Fampiofanana Arak’asa, momba ny EPP ao Ambavahady Mangatsiaka.

Raha ny fanasoavana ny zaza Malagasy araka ny voalazan’ny Filohampirenena, tsy misy fijerena loko politika na fijerena olona, fa samy mahazo tombotsoa avokoa ny Distrika amin’ny fahazoana fotodrafitrasa, ny fizarana “kit scolaire” ary ny tosika fameno. Noho izany, mangataka fiaraha-miasa hatrany amintsika. Mbola misy lesoka tokony harenina ary ny Minisitera dia mampiseho hatrany fahavononana sady mijery izay tsaratsara kokoa. Araka ny voalaza teo, betsaka ny fanatsarana ka ao anatin’izay ny hifaneraserana.

Ho an’ny Distrikan’i Betroka. Anisany nahazo fitarainana ny tenako mikasika ny fanoloana “Chef CISCO”. Ny “Chef CISCO” tao antoerana dia notendrena tany amin’ny MENTP. Efa nizara roa ny Minisitera, ka voatery nanao fanendrena hafa.

Misy koa anefa fotoana tsy maintsy anovàna olona ary indraindray, mety tsy hifankahazo amin'ny olona vaovao satria efa zatra niara-niasa tamin'ny Solombavambahoaka ny "Chef CISCO" taloha.

Rehefa nahazo ny CV niompana tamin'ny resaka teknika nangatahana tamin'ny olona maro, Andriamatoa Clark Celestin RAFENOARINJAKA no notendrena ho "Chef CISCO" any amin'ny Distrikan'i Betroka. «Fonctionnaire de la catégorie V, deuxième classe, premier échelon»; manana «Master II en science sociale et développement» teny Ankatso; mpampianatra ao amin'ny «Lycée» Tsembokaniva ao Betroka koa izy.

Rehefa mahita CV tahaka izao dia resy lahatra ny tena. Efa niantso ny mpiara-miasa izahay hoe: mahaiza manetry tena sy miara-monina amin'ny rehetra, fa tombotsoa iarahana izany. Ny zaza Malagasy no jerena ary tokony hiaraha-hiasa satria isika any an-toerana no mahalala ny zava-misy marina.

Mikasika ny Vondrona GPR; efa niantso ahy ianao Andriamatoa Solombavambahoaka, momba ny tsenam-baro-panjakana mikasika ny "4 salles de classe" any Morafenobe. Araka ny nolazain'ny namana teo, tao amin'ny Distrikan'Ambositra, efa taty amin'ny volana Desambra 2020 vao afaka nanatanteraka ny «appel d'offres» momba ny tsenam-baro-panjakana. Nisy fandaminana napetraka satria vaovao ny PRMP, nalefa tany amin'ny Lehiben'ny Distrika daholo ny PRMP «régionale» miaraka manao «traitement»-n'ny «dossier». Tsy ny PRMP iray tao Melaky ihany no nanaovana fikirakirana ny "dossier" tamin'ny tsenam-baro-panjakana, fa niaraka tamin'ny PRMP «régionale» ihany koa ary tsy nisy ambadika politika, fa resaka teknika. Ny lesoka hita tamin'iny, tsy nisy «entreprise» nitondra vahaolna momba ny tolo-bidy. Efa niresaka taminao aho, Andriamatoa Solombavambahoaka, hoe, raha tsy nahazo ianareo tao Morafenobe tamin'ny taona lasa, nampanantena izahay hahazo ianareo. Marihana, fa ny fitondram-panjakana dia nametraka, fa tsy hisy Distrika hadino izany, fa hampidirina amin'ny «loi de finances 2021» ny «bloc de 2 à 4 salles» tratan'ny «marché fructueux». Hahazo 4 izany i Morafenobe amin'ity taona ity.

Mikasika ny "tables bancs" ao amin'ny "Lycée" any amin'ny Faritra Melaky; efa nandefa "tables blancs" manara-penitra miisa 120 izahay.

Manantena fiaraha-miasa hatrany amin'ny fanatsarana ny fanabeazana ny Minisitara.

Mankasitraka tamin'ny teny feno fahendrena sy fitiavana naroson'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD teo izahay. Nambarany fa laharam-pahamehana tokoa ny fanabeazana, ka isaorana azy izany.

Mikasika ny CEG ao Port Bergé. Malalaka tokoa ny tokontany hametrahana ny CEG, tsara kokoa raha tsy asiana rihana io CEG io, efa novaina ny "plan" mba hahatsara ny endriny. Ny "architecte" mpanao ny sekoly manara-penitra no nampanaovina azy, ka 1 000 667 022 Ariary no tombam-bidiny raha nasiana rihana. Rehefa natao ny "plan" 2 000 322 951 Ariary izany avy eo. Mbola voatazona hatreto ny fametrahana an'io sekoly io.

Momba ny "Lycée" any Antsohihy; raha ny fanaraha-maso azy dia 0% no "taux d'avancement"-n'ny sekoly. Nanana olana tamin'ny "trésorerie" ny "entreprise", ka nanapakevitra ny hanao "lettre de mise en demeure" roa ny Minisitara.

Hotapahana ny «contrat» natao taminy raha tsy mamaly izy, ka hatao ny “relance”-n’ny tsenam-baro-panjakana mikasika azy.

Momba ny “zone 2” sy “zone 3”, lavitra ny toerana ary tsy tongan’ny fiara; izay no antony nanapahana hevitra handefasana “kit de construction” ho azy ireo. Any an-toerana ny tomponandraikitra vao manao “montage”. Hampidirina ao amin’ny “caisse école” ny “budget titre habilitation” ary hisy “budget” kely ho fanomezana “tables bancs” miisa 25” eo hapetraka isaky ny sekoly. Izay no antony nampiakarana ny “caisse école” isaky ny sekoly. Isaorana ny Andriamato Filohampirenena sy Andriamatoa Praiminisitra tamin’ny fampiakaraka izany “caisse école” izany.

Ho an’ny Distrikan’Ambositra momba ny fanoloana “Chef CISCO”; ny irariana, na iza na iza tonga eo, tokony hahay hiara-hiasa amin’ny tomponandraikitra isan’ambaratonga, fa ny Minisitera hatreto dia misokatra hatrany amin’ny fiaraha-miasa.

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahaoka, amin’ny fanomezana ny “tables bancs 1000 isa; mifameno tokoa isika, ka mankasitraka.

Momba ny “non subventionnée”, tsy manana «matricule» izy ireo saingy manana fifanarahana arak’asa amin’ny Ray aman-dreny. Mahatratra iray hetsy any izy ireo manerana an’i Madagasikara hatramin’izao. Nisy lisitra niarahana, ka izay no nampiasaina miaraka amin’ny “Banque Mondiale” tamin’ny fanomezana ny “aide spéciale appui covid” mahatratra 300 000 Ariary. Efa nohamarinina niaraka tamin’ny teknisiana isan’ambaratonga izany. Marihana, fa lisitra avy amin’ny “CISCO” tamin’ny “fiche primaire d’enquête” no niaingana tamin’izany; ny lisitra avy tany amin’ny DREN no nosoniavina ary natambatra taty amin’ny Minisitera nahafahana nametra ny olona nahazo ny Tosika Fameno. Teo amin’ny 55 000 no nisikatra izany manerana an’i Madagasikara.

Rehefa izany, nomen’Andriamatoa Filoha, an’Andriamatoa Minisitry ny Fiarovam-pirenena ny fitenenana raha manan-kambara ny tenany.

Toy izao no fandraisam-pitenen’Andriamatoa RAKOTONIRINA Léon Jean Richard; Minisitry ny Fiarovam-pirenena.

Marina ny voalaza tamin’ny fandraisana fitenenana teo, mankasitraka anareo Solombavambahaoka satria ianareo no nofidin’ny vahoaka Malagasy ary ny tafika Malagasy koa maneho fiaraha-miasa aminareo; toy ny rano sy vary isika, an-tsaha tsy mifanary, antanàna tsy mifandao.

Raha eo amin’ny fiaraha-miasa aminareo Solombavambahaoka, tsapa fa miteny aminay foana ianareo rehefa misy zavatra tsy mety na misy vaovao mitranga; sahalan’ny nataon’ny Solombavambahoakan’i Belo sur Tsiribihina teo.

Mikasika ny “désarmement” amin’ny basy any am-pelan-tànan’ny olona; voalohany, misy basy miisa 82 056 ny basy ara-dalàna manana taratasy eto Madagasikara ankehitriny. Ao amin’ny Minisiteran’ny Fiarovam-pirenena dia misy sampana iray atao hoe, “direction de service national et de la gestion de réserve” manao fanaraha-maso mikasika ny basy. Fantatra fa raha misy basy 82 000 dia ampitomboina efatra amin’izay ny heriny; raha sanatria ampiasaina eto amintsika ireo dia ho zava-doza no hiseho. Noho izany, tsy maintsy atao ny fanaraha-maso azy ireny.

Ankoatr'izay, isika Malagasy dia olona manam-pahaizana; misy fitaovam-piadiana vita eny antsefatsefany eny, antsoina hoe “arme de fabrication locale”. Enjehina izy ireny ary potehina satria entin'ny jiolahy manatanteraka ny asa ratsy ataony, ka miteraka fahafatesana eny amin'ny vahoaka. Andraisana fepetra mafy ary angatahana fiaraha-miasa aminareo Solombavambahoaka.

Nisy resaka “effectif” koa teo; marina tokoa izany satria tsy ampy ny isan'ny miaramila ankehitriny. Manao ny atao hoe “génération de force” izahay izao ary tafiditra amin'ny fanitsiana ny rafitry ny tafika izany ary isaorana Adriamatoa Filohampirenena sy Andriamatoa Praiminisitra tamin'izay fanapahan-kevitra izay. Voalohany tamin'ny tantaran'ny Repoblika Malagasy no nanome “poste budgétaire” miisa 1200 tamin'ny taon'iny 2020 iny. Ankehitriny, mampitombo tsikelikely ny isan'ireo miaramila isika. Nisy niteny hoe ahoana ny fiasan'ny BOA sy ny DSS. Tsootra ny resaka, misy ny atao hoe “chaîne opérationnelle”; izany hoe, miala any amin'ny lehiben'ny tafika ny sary; manana ny “commandant”-n'ny ZDS isika; misy koa BOA na DSS any amin'ny Distrika. Izy ireo no misahana ny fibaikona ny mivantana ny BOA sy ny DSS. Mbola hisy fotoana hanaovanay varavarana misokatra ho antsika amin'ny alalan'ny Vaomieran'ny Fiarovana eto amin'ny Antenimierampirenena sy any amin'ny Antenimierandoholona mba ahafahantsika mijery an'izany. Hisy fotoana hanaovana “reengagement” satria 1 200 no “poste de reengagement” azo. Mety hiteny ianareo hoe: inona no fepepetra raisina amin'izany.

Voalohany, miditra amin'ny atao hoe matianina aloha. Ohatra, raha handefa miaramila any amin'ny tafika an-dranomasina na tafika an'habakabaka isika, mazava ho azy fa hikirakira fitaovana sarotra izy ireo. Ny mikirakira fitaovana any amin'ny tafika an'habakabaka dia mila fahaiza-manao.

Misy ny miaramila nahavita “service légal” izay tsara fitondran-tena; fantatry ny lehibe hoe ity olona ity tamin'ny raharaha miaramila nataony dia manana fitondran-tena tsara, ka ireny no alefa amin'ireny toerana ireny. Tsy misy kolikoly ankehitriny, fa jerena tsara ary ialana izay satria taloha tena nisy an'izay kolikoly izay. Amin'izao fotoana itondran'Andriamatoa Andry RAJOELINA Filohan'ny Repoblika sady Filoha faratampon'ny Foloalindahy izao dia ezaka lehibe no vita. Jerena hoe iza no tokony hahazo “reengagement” any amin'ny Distrika samihafa; ianareo Solombavambahoaka koa mahafantatra fa miezaka manao izany izahay. Olona tsara fitondran-tena no “reengager”-na; ilaina ny «certificat de bonne conduite», fantatra hoe olona nahavita ny asany ara-dalàna, mijery ny fiaraha-monina ao amin'ny tanindrazana. Ireo no anisan'ny masontsivana amin'ny «reengagement». Mbola hohatsaraina izany satria, Andriamatoa Filohampirenena, niteny hoe: tokony hojerena ny «recrutement local» amin'ny raharaha miaramila. Hatomboka amin'ity taona ity izany satria baiko avy amin'ny Filoha faratampon'ny Foloalindahy. Hatao ny “recrutement local” mba ahafahana miasa amin'ireny BOA sy DSS ireny ary ny zanaka Malagasy avy ao amin'ny Distrika ihany no manao raharaha miaramila ao aminy.

Niteny momba ny basy miparitaka ny Solombavambahoakan'i Sakaraha teo; misy basy miisa 8763 ny “pistolet” manana taratasy ara-dalàna miparitaka eto Madagasikara ankehitriny ary ny fitiliana mikasika ataony aminy dia iarahana amin'ny Zandarimaria sy ireo manam-pahefana mahefa afaka «contrôle». Ny anton'izany, amin'izay mba tsy ho lasan'ny olona hafa ireny fitaovam-piadiana ireny.

Momba ny fandriam-pahalemana izay hatrany, efa mijery izahay hoe aiza no misy ny «zone sensible»; ny lavanila, ny andramena, ny “kidnapping”, ny halatr’omby, ny fambolena rongony. Efa manao “carte” izahay satria nangatahan’ny Filohampirenena izany, ka hatsaraina miaraka amin’ny Polisy, ny Zandarimaria ary ianareo Solombavambahoaka mba ahafantarana hoe ato sy atsy ny toerana manahirana antsika. Rehefa misy an’io «carte» io dia afaka mampandry fahalemana isika ary ho fantatsika tsy ho ela hoe aiza ny lalan’ny omby, ny rongony, ny andramena ary ny mpangalatra lavanila.

Rehefa vita izy io, samy mahafantatra daholo isika tomponandraikitra any misy toerana antsika hoe izao no zava-misy any. Angatahana fiaraha-miasa feno aminareo Solombavambahoaka ny fanaovana izany raha sitrakareo.

Taorian’izay, nomen’Andriamatoa Filoha, fitenenana, ny Minisitry ny Fampianarana Teknika sy ny Fampiofanana Arak’asa

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataon’Andriamatoa TSIKEL’IANKINA Ernest; Minisitry ny Fampianarana Teknika sy ny Fampiofanana Arak’asa.

Azo lazaina fa ny Solombavambahoaka no maso sy sofinay any amin’ny Faritra tsirairay. Misy ny toko tapaka sy vilany mitongilana; isaorana satria ianareo no manokatra ny masonay mba hijery akaiky ny zava-misy any an-toerana. Hiara-hitady vahaolana isika mba hanarenana izany.

Mikasika ny karaman’ny “vacataire”; marina fa manakorontana tokantrano ny tsy fahazoana karama kanefa ianao olona miasa.

Tamin’ny “statut”-n’ny DRETFP no namoahan’ny Minisitery vola hatramin’izay ary amin’izao dia lasa SOA “acteur budgétaire” daholo ny “Chef d’établissement” rehetra. Ny “processus de nomination”-n’ireo olona ireo dia naharitra fotoana naharitra. Amin’izao fotoana izao, efa voatendry daholo ny olona “acteur budgétaire” ary efa vita daholo ny fanofanana azy ireo. Ny vahaolana omena, handefa olona any amin’ireo toerana sahirana amin’ny fanaovana “engagement budgétaire” isika mba hijerena ny fanomezana ny karaman’ireo “vacataire” eny anivon’ny “établissement”.

Mikasika ny “recrutement”; niantso ny solotenan’ny “syndicat” sy mpampianatra “vacataire”, ECD ary solotenan’ny Ray aman-dReny izahay. Nangataka fiaraha-miasa tamin’ny BIANCO ihany koa mba hanatrehany ny dinika. Ilana tsiny satria tsy tafiditra tao anatin’ny Vaomiera ny Solombavambahoaka. Ny anrtony niantsoana ny BIANCO dia tsy hoe hanatrika isan’andro fotsiny, fa tena hijery ny zavatra atao mba hisian’ny fangaraharana sy tsy fitanilana amin’ny famaritana ny isan’ny olona houisina. Amin’izao fotoana izao, efa manao sonia “contrat” ireo olona noraisina tamin’ny fotoana iny. Rehefa mahazo “poste budgétaire” izahay, tsy maintsy miara-miasa amin’ny Solombavambahoaka mba hisian’ny fangaraharana. Tena ilaina ny fiaraha-miasa amin’ny Solombavambahoaka satria avy aminareo no ivoahan’ny zavatra ilaina amin’ny Faritra; ianareo no mifanosihosy amin’ny vahoaka eny ifotony. Tamin’ny “formation professionnelle” nataonay, niezaka namaly anareo izahay. Mampirisika anareo mba hifanome tana aminay amin’ny fijerena ny filan’ny vahoaka mba ahafahanay manao ny fanofanana miarafa amin’ny fananana asa ho an’ny tanora.

Ekena koa fa betsaka ny «centre de formation professionnelle» na «Lycée technique» tsy ampy fitaovana na efa antitra ny «matériel informatique» sy ny «équipement» ao aminy. Raha ny tetibolanay no jerena, tsy ampy ahavitana ireo rehetra ireo indray mandeha. Niezaka nandresy lahatra ny “partenaires techniques et financiers”, ka izay nahatonga anay niteny hoe: efa vita sonia ny fifanarahana tao amin’ny “fonds commun de l’éducation”. Misy volabe ao anatin’io satria mitovy amin’ny antsasaky ny «fonctionnement» azonay tamin’ny fanjakana no hamatsian’ny «bailleurs de fonds» vola noho ny ezaka sy ny fahitan’izy ireo, fa zava-dehibe no hataontsika, ka hanampy antsika izy ireo. Ao anatin’io «fonds commun» io, efa misy vola atokana ividianana ny “petits outillages” satria ireo fitaovana madinika ireo no hanampiana ny “établissement”. Izay tsy vitan’io vola io, ezahana hovidina any amin’ny «Projet d’Investissement Public» an’ny Minisitara.

Momba ny mpampianatra; nisy efa nahazo «quota» kanefa tsy tafiditra tamin’ny «recrutement» teo satria nisy «commission» namaritra izany. Hojerena ary hatao laharam-pahamehana ireo olona taloha tafiditra tao anatin’io «quota» io.

Misaotra an’Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin’ny Governemanta, fa ny ECD rehetra nanara-dalana sy nanana «contrat» mazava dia ho tafiditra mpiasam-jakana ELD daholo. Tsy miankina intsony amin’ny «engagement» atao isam-bolana izany, fa mahazo karama toy ny “fonctionnaire” rehetra izy ireo rehefa vita ny «contrat»-ny. Ny mpiasa teo anivon’ny «établissement» sy ny Faritra dia efa noraisina ho mpiasam-panjakana, fa ireo tavela amin’izao dia ny “recrutement”-n’ny “formateur”. Inoana fa hivaly ny fangatahana ny “poste budgétaire” satria tsy maintsy entina eo anivon’ny Governemanta izany.

Rehefa “recruter” daholo ny “personnel administratif et technique” dia hiompana 90% na 100% amin’ny «recrutement»-n’ny «formateur” ny «poste budgétaire» ho azona amin’ny manaraka.

Momba ny hoe, maninona ny mpianatra mendrika tamin’ny fampianarana teknika no tsy nahazo fiarahabana na zavatra manokana avy amin’ny Filohampirenena satria fampirisihana ny ankizy ny fanaovana izany.

Marina fa hatramin’izay, ny «pratique» natao tamin’ny taona 2018, ireo mendrika indrindra dia nitadiavanay «bourse» ary nisy fifanaraham-piaraha-miasa tamin’ny Governemanta Maraokana nahafahana nanome izny ho an’ireo nahazo naoty tsara. Vokatry ny fisian’ny «Covid-19»; naato aloha izany saingy nanaiky ny fitondrana Maraokana, fa hampitombo avo roa heny ny “bourse” omena ny mpianatra Malagasy. Ho an’ny mpianatry ny «enseignement technique et professionnelle”, tsy hamelanay fa tsy maintsy tonganay any ireo ankizy rehefa tapitra «Covid-19». Tsy maintsy tohizana ny fiaraha-miasa satria tiana mba hanohy fianarana ny mpianatra Malagasy.

Ny fanomezana “bourse” ny mpianatra tena mahay dia tsy ilana fiarahabana manokana akory kanefa hatao izany amin’ity taona ity. Eo anatrehan’izay, tsy miala amin’ny fangatahana “bourse” ho an’ireo mendrika anefa isika.

Mikasika ny tsy fahampian’ny fitaovana eny amin’ny “Lycée” vao nosokafana.

Misaotra ny Solombavambahoaka nanampy tamin’ny fanaovana “construction”.

Ny “initiative” avy amintsika, tsy tafiditra tao anaty “plan d’équipement de source d’investissement public” izany kanefa hezahana halamina mba ho tafiditra ao satria mahavelom-bolo, fa efa hisy mpamatsy vola sy mpiara-miombon’antoka iraisam-pirenena hiara-hiasa amintsika satria kely ny volanay.

Noho izany, mangataka fanampiana avy aminareo izahay, mba hananganana ireny sekoly teknika ireny. Efa misy folo eo no vonona hanampy; na kely aza ny zavtra entiny, ireny no atambatra mba hoentina hividianana fitaovana madinidinika ilain'ny "établissement".

Ny 86%-n'ny tetibolan'ny Minisitera, araka ny voalaza tany aloha, efa alefa any amin'ny "établissement". Ao anatin'izay no ividianana "métier d'œuvre". Ny politika ampiharina amin'izao fotoana izao dia miara-mampianatra amin'ny mpampianatra. Handray «professionnelle» izahay, ka izy ireo no mampiofana mpampianatra no sady mampiofana mpianatra. Ezahana ho an'ireo "métier d'œuvre" ireo mba dabilio no hatao "pratique". Ezahana ny zavatra vitan'izy ireo mba hitovy amin'ny zavatra vitan'ny "professionnelle" rehefa vita ny fianarany. Miezaka koa izahay mba ho "rentabiliser"-na ny fampitaovana arak'izay vitan'ny mpampianatra sy tratran'ny mpiofana. Hanaovana fampitaovana ny «établissement» ny zavatra tsara vitan'ny mpianatra.

Marina ny voalaza hoe, ampifanarahana amin'ny zava-misy sy ny «priorité»-n'ny fanjakana, indrindra amin'ny vinan'ny Filohan'ny Repoblika. Miezaka izahay amin'izao fotoana izao Manao an'izany.

Misy koa ny «formation professionnelle à cycle court»; atodikay amin'ny filan'ny Faritra mihitsy izany. Ohatra, zava-dehibe amintsika ny fanaovana lalana; nanofana «conducteur d'engin» izahay; ny fanaovana «pavé», nanofana teknisiana mahay maka ny «bloc de pierre» izahay, izy ireo no mandahatra vato avy nokapohana. Mbola tsy ampy ny ezaka hatramin'izao ary mbola tsy maharakotra ny Distrika rehetra izany saingy efa nanofana mpampianatra miisa 190 momba ny fikapohana sy fametrahana «pavé» izahay amin'izao fotoana izao mba ahafahana manapariaka ny teknika Aziatika manerana ny Faritra amin'izay mba hanara-penitra ny "pavé" eto amintsika.

Mikasika ny "Lycée agricole"; ny ankamaroan'ireo "centre de formation professionnelle de référence" ireo, ny «spécialité» iray ao anatin'ireo dia «spécialité agricole», fa ny «spécialité» hafa manampy azy dia mifandraika amin'ny «métier connexe agricole».

Raha misy fampiasana «charrue» sy «tracteur»; mety hisy toerana hasiana mpanao «soudure» na «construction mécanique» koa satria ny sampam-panofanana tiana hapetraka dia tokony hifandraika amin'ny filana. Mangataka tany hanaovana "pratique" satria tsy ampy tany hanaovana izany ary ny fampitaovana azo tamin'ny mpiara-miombon'antoka, ezahana mba hoentina hanatsarana ny «Lycée agricole» sy ny «centre de formation professionnelle agricole». Raha tsy misy fampitaovana, mety ho lasa "théorie" fotsiny ny fampianarana atao.

Hatao laharam-pahamehana ny fividianana fitaovana madinika hanampiana ny «établissement» ary ny tsy feno amin'izany, ezahana mba hampidirina ao amin'ny «Projet d'Investissement Public»-nay. Angatahana koa ny mpiara-miombon'antoka mba hanampy anay satria tsy ampy ny tetibola ananana.

Rehefa tapitra ny fandraisam-pitenenan'ireo Minisitry nanao ny tatitry ny asa vitany; nisaotra azy ireo tamin'ny famaliana ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahaoka tamin'ny departemanta Minisiterialy nosahaniny avy, Andriamatoa Filoha.

Nirary azy ireo havita an-tsakany sy an-davany ny adidy napetraka aminy koa ny tenany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy, Andriamatoa Filoha mpitarika ny fivoriana, fa rahampitso Alarobia 9 Jona 2021 amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny asam-baomiera hataon'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika; handinika "proposition de résolution n°001-2020/PR portant création d'une commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar», atolotr'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, Solombavambahoaka voafidy tao Fenoarivo-Atsinanana sy ireo namany.

Nambarany koa, fa raha ny vaovao heno, tsy ho eto an-toerana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ny Alakamisy 10 Jona 2021 ka hatramin'ny Alahady 13 Jona 2021 ho avy izao, fa hamita iraka any atsimon'ny Nosy. Raha ankasitran'ny rehetra, hahemotra amin'ny Alakamisy 17 Jona 2021 sy ny Zoma 18 Jona 2021 ny fandaharam-potoana tokony hotontosaina ny faha-10 Jona sy Zoma faha-11 Jona 2021 noho izay antony izay.

Niato tamin'ny 6 ora sy 50 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.



RAZANAMAHASOA Chritsine Harijaona